

# نَحْنُ أَبْنَاءُ الدَّلِيلِ

## **IZAHAY DIA ZANAKY NY POROFO**



*Nosoratan'ny Sheikh Salim Manrouf  
08 Aprily 2019  
(Volana Chaenbàn 1440H/2019)*



نَحْنُ أَبْنَاءُ الدَّلِيلِ

**Izahay dia zanaky ny porofo**

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

## Amin'ny anaran'i Allah Ilay Be Fitiavana, Ilay Be Indrafo

Dera sy Laza ho an'i Allah izay nanome antsika fitahiana sy nampahafantatra ny finoany amin'ny alalan'ny porofo, mba hanarahantsika ny làla-mahitsy, ny tso-drano sy ny firariantsoa lehibe anie ho an'ny Mpaminanintsika Mouhammad (s.a.w) sy ireo havany madio ara-panahy.

Ry rahalahy mpanabe! Fantaro tsara fa ny zaza dia teraka tamin'ny fahariana ara-boajanahary izay lazain'ny “Qour'an” masina hoe: “fitw'rah” فِطْرَةٌ. Fa ny fitaizana azy ao anatin'ny tokantrano sy amin'ny madrassah ary koa ny fiaraha-monina no mamolavola azy.. Arak'izany, arakaraka ny tokantrano na ny madrassah na ny fiaraha-monina misy azy no hanatsara ny ilay fitw'rah ao aminy na hanimba izany.

Noho izany, dia aoka ho fantantsika tsara fa eo amin'ny fahazazana no dingana voalohany ara-pitaizana izay misy fiantraikany lehibe amin'ny hoavin'ily ankizy. Rehefa ny tokantrano sy ny madrassah ary ny fiaraha-monina no manao tsirambina amin'ily fitaizana ara-pinoana dia hiroso amin'ny fahaverezana ilay ankizy. Koa ny adiditsika dia ny fijoroana amin'ny fandraisana andraikitra amin'ny fomba tena tsara sy mahomby, mba hisy vokatra sy faka-tahaka. Eny, tsy misy afa-tsy i Allah Irery ihany moa no Mpampahitsy.

Ry mpanabe namana! Natao ity boky ity ho fampianarana izay atolotra ho an'ireo ambaratonga faharoan'ny fampianarana mikasika ilay “dīn islām”, mba ho porofon'ny fahamarinan'ny finoana, boky izay nosoratana amin'ny fomba tsotra sy mazava ho an'ireo mpitady fahamarinana sy fahalalana amin'ny alalan'ny porofo.

Tsara ny mampahatsiahy fa ny fampianarana kely atolotra eto dia tsy ampy, fa na izany na tsy izany, manome vokatra ihany satria natao iresahana an'ily “fitw'rah”, ilay fahariana ara-boajanahary. Koa ny fitondrantena sy ny fitiavan'ny mpanabe ny asany, dia manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fampiroboroboana sy fanomezana voka-tsoa ho an'ily ankizy. Eny, i Allah Irery ihany anie no Tompon'ny fitahiana.

سالم معروف  
Salim Manrouf

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ  
Lesona voalohany

الْهُدَايَةُ  
Al-hidayah

Ny “hidayah” dia midika hoe tari-dàlana amin’ny fiteny malagasy. Koa tsara ny mampahatsiahy fa ny tari-dàlana izay katsahin’ny mpino silamo dia tsy eo am-pelatànan’iza na iza, na dia amin’ny Mpaminany (s.a.w) lehiben’ireo zava-boahary rehetra aza, fa izany dia eo ampelan-tanan’i Allah Ilay Mpahary Tokana. Izy irery ihany no tena Mpitari-dàlana marina. Hoy indrindra i Allah tamin’ily Iranany (s.a.w) ao amin’ny Qour’an, manao hoe:

"إِنَّكَ لَا تَهْدِي مَنْ أَحْبَبْتَ وَلَكِنَّ اللَّهَ يَهْدِي مَنْ يَشَاءُ وَهُوَ أَعْلَمُ بِالْمُهْتَدِينَ"<sup>1</sup>.

**Dikany:** “Marina tokoa fa ianao dia tsy mahavita mampahitsy izay tianao, fa i Allah no mampahitsy izay ankasitrahany, ary Izy no mahafantatra indrindra izay efa mahitsy”.

Eny, i Allah Ilay nahary ny olombelona no mampahitsy an’ireo izay hitany fa mitady ny fahitsiana, amin’ny fomba marina sy manara-dalàna, fa ho an’izay hitany tsy manan-paniriana an’izany ao am-pony, na tsy manam-pikasana amin’izany, dia avelan’i Allah amin’ny sitrapony sy safidiny izy. Niteny i Allah manao hoe:

"فَيُضِلُّ اللَّهُ مَنْ يَشَاءُ وَيَهْدِي مَنْ يَشَاءُ وَهُوَ الْعَزِيزُ الْحَكِيمُ"<sup>2</sup>.

**Dikany:** “Fa verezen’i Allah izay sitrany ary tarihiny làlana izay sitrany fa Izy no Ilay Tsiroha, Ilay be Fahendrena.”

Ny tian’ny andininy ho lazaina eto dia hoe, Izy Ilay Avo Indrindra dia tsy manakana ny fanirian’ny olona na ny safidiny, fa mamela azy malalaka mba handeha any amin’ny làlana tiany hizorana, na amin’ny lala-mahitsy izany, na amin’ny lalan’ny fahaverezana.

Ny daholobe dia samy resy lahatra, fa ny marina no tokony hanjaka, sy ho laharam-pahamehana ary mendrika harahina, na dia hita aza fa ny ankamaroan’ny olona no tsy manaja izany. Eny, mazava fa hatramin’izay dia maro no mitsipaka sy manohitra ny marina izay nahatokisany, tsy mahagaga anefa izany satria i Allah Ilay Mpahary, dia efa nanambara izany ao amin’ny Qour’an izay milaza manao hoe:

"وَجَدُوا بِهَا وَاسْتَيْقَنَتْهَا أَنفُسُهُمْ"<sup>3</sup>.

---

<sup>1</sup>سورة القصص، 56

<sup>2</sup>سورة ابراهيم، 4

<sup>3</sup>سورة النمل، 14

**Dikany:** “Ary misy amin’ny olombelona no mandà ny porofo, nefa ny fony dia mahatoky ny fahamarinany”.

Ary niteny ihany koa i Allah, manao hoe:

"وَأَكْثَرُهُمْ لِلْحَقِّ كَارِهُونَ"<sup>1</sup>.

**Dikany:** “Ary ny ankamaroan’ny olona dia mankahala ny fahamarinana”.

Eto dia misy fanontaniana apetraka ho an’ireo mpikaroka ny fahamarinana:

Ahoana no ahafantarana ny zavatra mitombona na tsia?

Ny valin’izany fanontaniana izany dia arakaraka ny karazan-javatra tiana ho fantarina. Indraindray dia amin’ny fomba fijery no ilaina raha toa ka ilay zavatra dia azo jerena amin’ny alalan’ny maso na indraindray amin’ny fitsapana raha toa ka zavatra azo tsapain-tànana, indraindray koa dia amin’ny alalan’ny fihainoana na famakiana raha toa ka ilay zavatra tiana ho fantarina dia azo henoina na vakiana; fa indraindray dia mety ho amin’ny alalan’ny saina raha toa ka ilay zavatra dia zavatra ara-panahy tsy azo tsapain-tànana, toy ny finoana.

Raha misy olona namaky hadith ohatra ka nahafantatra fa ny Mpaminany (s.a.w) dia efa nanendry olona iray ho mpandimby Azy amin’ny asany, ka inona àry no tokony hataon’izany olona izany? Angamba ny saina dia mahatsapa fa ny farafahakeliny tokony hataony raha vao sambany naheno zavatra toy izany izy dia ny mametraka fisalasalana aloha, fa tsy avy hatrany izy dia tsy te hahalala na koa tonga dia mino na mitsipaka izany.

Arak’izany, ny olona izay mikatsaka ny fahamarinana, alohan’ny manapa-kevitra dia tokony hihaino tsara ilay resak’olona aloha, avy eo vao mandeha mikaroka etsy sy eroa, mba hialàna amin’ny fisalasalana sy hahazoana fahatokisana. Ary izany no mifanaraka amin’ily andinin’ny Qour’an manao hoe:

"فَبَشِّرْ عِبَادِ الَّذِينَ يَسْتَمِعُونَ الْقَوْلَ فَيَتَّبِعُونَ أَحْسَنَهُ..."<sup>2</sup>.

"Koa omeo vaovao tsara ireo mpanompoko, izay mihaino ny teny, ka manaraka izay tsara indrindra amin’izany....".

Tsy azo isalasalana fa tena misy tokoa ny fomba hahafantarana ny fahamarinana. Fa ny olana fotsiny dia izao: tsy izay olona diso rehetra dia miaiky ny fahadisoany, ka ny fanontaniana azo apetraka dia izao:

Inona no azo tenenina amin’ny olona izay manao fahadisoana an-tsitrapo na tsia?

---

<sup>1</sup>سورة المؤمنون، 70  
<sup>2</sup>سورة الزمر، الايتان: 17، 18.

Ny valin'izany dia izao: izay manao fahadisoana an-tsitraho, dia sarotra hanarina, noho izy manao izany amin'ny safidiny manokana, satria ny olona toy izany dia sahala amin'ny olona mpitombo teny fantatra izay tsy tia miala amin'ny heviny diso, ka na dia porofo zato aman'arivony aza no ho entina eo anatrehany dia tsy misy fiantraikany aminy izany. Fa izay manao fahadisoana tsy araka ny sitrapony kosa, dia azo atao ny manoro làlana azy amin'ny alalan'ity boky kely ity sy manazava aminy fa: "tsy misy mpitarika afa-tsy ny saina". Izany dia hita ao amin'ny hadith izay voaray tamin'ny Imàm fahafito, izay anisan'ireo zafy masin'ily Mpaminany (s.a.w), nananatra ny mpianany anankiray antsoina hoe: Hichàm, ka niteny taminy nanao hoe:

"يَا هِشَامُ، إِنَّ لِلَّهِ عَلَى النَّاسِ حُجَّتَيْنِ ظَاهِرَةً وَبَاطِنَةً، فَأَمَّا الظَّاهِرَةُ فالرُّسُلُ وَالْأَنْبِيَاءُ وَالْأَيْمَةُ عَلَيْهِمُ السَّلَامُ، وَأَمَّا الْبَاطِنَةُ فَالْعُقُولُ".

**Dikany:** “Ry Hichàm, marina tokoa fa i Allah dia nametraka vavolombelona roa eo amin'ny olona: dia vavolombelona miharihary sy miafina; ny miharihary dia ireo Iraka sy ireo Mpaminany ary ireo Mpitarika (a.s); fa ilay miafina kosa dia ny saina”.

Ny fanambarana fa tsy misy mpitarika mihoatra ny saina dia teny marina sy mitombona, ka tsy misy na iza na iza afaka mandà izany, satria misy fanamafisana an'izany maromaro ao amin'ny Quor'an masina, ary ny Mpaminany (s.a.w) ihany koa dia efa nanamafy sy nanambara no sady efa nibaiko antsika tsirairay mihitsy mba handray ny saina ho mpitarika amin'ny zavadrehetra, indrindra fa ny momba ny finoana, araka ny teniny malaza manao hoe:

"أَصْلُ دِينِي الْعَقْلُ".

**Dikany:** “Ny fototry ny finoako dia ny saina”.

Eny, mazava ho azy fa ny saina dia zavatra tsy hita maso no sady tsy azo tsapain-tànana, fa hery voajanahary miafina ao anatin'ny olombelona ao, nefa dia tsapa ny fisiany. Tsara ho fantantsika fa ny fitarihan'ny saina dia fitarihana mankany amin'ny fahamarinana hatrany, satria ny saina no mibaiko ny olona mba hanaraka ny marina sy hankato ny zavatra lojika. Koa na aiza na aiza no ahitana ny olona manaraka ny marina dia fantatra avy hatrany fa ny saina no naniraka sy nibaiko azy tamin'izany.

Ary tsara ho fantantsika ihany koa fa ny saina no zava-boahary be voninahitra noharian'i Allah. Izy no ilay mpanoro làlana mikasika ny fisian'i Allah Mpahary an'izao tontolo izao. Voaray ao amin'ny hadith avy tamin'ny zafin'ny Mpaminany (s.a.w), anankiray antsoina hoe Djaen'far As-Swadiq (a.s), manao hoe:

"لَمَّا خَلَقَ اللهُ الْعَقْلَ قَالَ لَهُ أَقْبِلْ فَأَقْبَلَ ثُمَّ قَالَ لَهُ أَدْبِرْ فَأَدْبَرَ، فَقَالَ لَهُ: وَعِزَّتِي وَجَلَالِي مَا خَلَقْتُ خَلْقًا أَحْسَنَ مِنْكَ، إِيَّاكَ أَمْرٌ وَ إِيَّاكَ أَنْهَى وَ إِيَّاكَ أُثِيبُ وَ إِيَّاكَ أُعَاقِبُ".

**Dikany:** “Rehefa nahary ny saina i Allah dia nolazainy hoe: mandrosoa! Dia nandroso izy, avy eo noteneniny hoe: mihemora! Dia nihemotra izy, koa dia niteny taminy Izy hoe: mianiana amin’ny Voninahitro Aho, fa tsy misy zava-boahary tsara nohariako mihoatra anao; avy aminao irery ihany no hibaikoako sy handraràko, ary avy aminao ihany koa no hanasoavako sy hanasaziako”<sup>1</sup>.

Koa eto àry dia mazava amintsika ny lanjan’ily saina izay napetrak’i Allah ao amintsika olombelona eo anatrehan’ny finoana islam. Ary raha miverina isika ao amin’ny Qour’an masina dia hita fa matetika i Allah no mametraka fanontaniana, manao hoe: “moa ve ianareo tsy mamakafaka? Moa ve ianareo tsy mandinika? Moa ve ianareo tsy mahatakatra?...”.

Ny tian’ireo karazam-panontaniana ireo hambara dia tsy misy afa-tsy ny famporisihan’Ilay Mpahary antsika mba hahay handinika amin’ny alalan’ny saina izay tena fanomezana lehibe avy Aminy, ary tsy misy fanomezana mitovy aminy.

Ny saina no mampiavaka antsika olombelona amin’ny biby, ahafahana manavaka ny marina sy ny diso, ny tsara sy ny ratsy ka izany dia efa ampy amin’ny mahazava-dehibe azy. Amin’ny alalany ihany koa no ahafahana manompo sy mankato an’i Allah araka ny tokony ho izy. Ary ho fanamafisana izany dia ilay tenin’ny Mpaminany (s.a.w) izay milaza manao hoe:

"فِكْرَةُ سَاعَةٍ خَيْرٌ مِنْ عِبَادَةِ سَنَةٍ"

**Dikany:** “Ny fandinihana ao anatin’ny ora iray dia tena tsara mihoatra ny fanompoana mandritra ny taona iray”.

Izany hadith izany dia te hanambara amintsika fa ny fanompoana tena marina dia tsy maintsy ampiarahina amin’ny fandinihana, satria izany no mampisy vokatsoa ary maneho ny fahafantarana marina an’i Allah. Fa ho an’izay manompo kanefa tsy misy fandinihana sy fampiasana saina, dia mahatonga ny olona miziriziry amin’ny heviny sy voarebireby amin’ily finoana izay arahiny satria tsy misy fahalalana miaraka amin’ily fanompoana izay ataony, ka lasa fanompoana atao araka ny fahazarana fotsiny. Voaray ao amin’ny “hadithoul-qouds”, ny tenin’i Allah manao hoe:

"عَرَفُونِي قَبْلَ أَنْ تَعْبُدُونِي"

**Dikany:** “Fantaronareo Aho alohan’ny hanompoanareo Ahy”.

---

<sup>1</sup> Bihàroul-anwàr v.1.

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

## Lesona faharoa

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ

Ny tso-drano ho an'i Mouhammad sy ireo Taranany masina (s.a.w)

Anisan'ny tranga ara-pinoana mampifanohitra ny silamo shianh sy ny sounnah dia ny fomba fanomezana tso-drano na ny fomba fanaovana swalawàte ho an'ny Mpaminany (s.a.w), nefa misy andinin'ny Quor'an izay mibaiko antsika hanao izany swalawàte izany. Hoy indrindra i Allah ao amin'ny Quor'an masina manao hoe:

"إِنَّ اللَّهَ وَمَلَائِكَتَهُ يُصَلُّونَ عَلَى النَّبِيِّ يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا صَلُّوا عَلَيْهِ وَسَلِّمُوا تَسْلِيمًا"<sup>1</sup>.

**Dikany:** “Marina tokoa fa i Allah sy ireo Anjeliny dia mandefa tso-drano ho an'ilay Mpaminany. Ry mpino, ianareo koa dia mba mandefasa tso-drano sy miraria soa ho Azy amin'ny firariantsoa tanteraka.”

Ireo manam-pahaizana mpanao fanadihadiana ny soratra masina ao amin'ny Quor'an dia miombon-kevitra fa tamin'ny fotoana nidinan'io andininy io, dia nisy mpanara-dian'ny Mpaminany (s.a.w) sasantsasany, nanontany azy nanao hoe:

"يَا رَسُولَ اللَّهِ، كَيْفَ نُصَلِّي عَلَيْكَ؟"

“R'ilay Irak'i Allah! Ahoana moa no ny fomba fanaovanay “swalawàte” aminao? Dia namaly Izy (s.a.w) hoe:

"قُولُوا اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَعَلَى آلِ مُحَمَّدٍ كَمَا صَلَّيْتَ عَلَى إِبْرَاهِيمَ وَعَلَى آلِ إِبْرَاهِيمَ إِنَّكَ حَمِيدٌ مَجِيدٌ".

“Mitenena ianareo hoe: ry Allah ô! Omeo tso-drano i Mohammad sy ireo taranany, tahaka ny nanomezanao tso-drano an'Ibrahim sy ireo taranany, marina tokoa fa Ianao no Mendripiderana sy Be Voninahitra Indrindra”<sup>2</sup>, na amin'ny “tafsir At-twabari” na ny “tafsir Ar-ràzi”. Fa amin'ny hadith hafa, rehefa nanontaniana ny momba izany Izy (s.a.w) dia namaly hoe:

"لَا تُصَلُّوا عَلَيَّ الصَّلَاةَ الْبُتْرَاءَةَ".

“Aza manao swalàt tapaka amiko ianareo”.

Koa nisy nanontany Azy tamin'ireo mpanara-diany nanao hoe:

<sup>2</sup> Swahih Al-boukharî, vol.8 (باب الصلاة على محمد)

<sup>1</sup> سورة الأحزاب، 56.



"وَمَا الصَّلَاةُ الْبَتْرَاءُ يَا رَسُولَ اللَّهِ؟"

“Fa inona moa izany swalàt tapaka izany r’ily Irak’i Allah?”

Dia namaly Izy (s.a.w) hoe:

"أَنْ تَقُولُوا: اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَتَسْكُنُوا بَلْنَ قُولُوا: "

“Dia ny fitenenanareo manao hoe: ry Allah ô! Omeo tso-drano i Mouhammad, avy eo ianareo dia mangina. Fa mitenena kosa ianareo hoe:

"اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَعَلَى آلِ مُحَمَّدٍ كَمَا صَلَّيْتَ عَلَى إِبْرَاهِيمَ وَعَلَى آلِ إِبْرَاهِيمَ إِنَّكَ حَمِيدٌ مَجِيدٌ."

“Ry Allah ô! Omeo tso-drano i Mohammad sy ireo taranany, tahaka ny nanomezanao tso-drano an’Ibrahîm sy ireo taranany, marina tokoa fa Ianao no Mendri-piderana sy Be Voninahitra Indrindra”.

Eto dia mazava amintsika hatraiza ny fampianaran’ny Mpaminany ny vahoaka silamo mikasika ny fanomezam-boninahitra an’ireo taranany izay hita amin’ny alalan’ny fitakiany an’ireo silamo rehetra tsy ankanavaka mba hanao fangatahana toy izany amin’ireo taranany ireo rehefa handefa tso-drano ho Azy.

Ary tiana ny mampahatsiahy fa, ny Mpaminany dia tsy olona mpanaonao foana fa ny lalàna rehetra avoakany dia lalàna avy amin’i Allah. Tsy ity ihany no lalàna irery ilàna fanazavana amin’ny antsipiriany, fa raha jerena ny ao anatin’ny Quor’an dia misy maro dia maro. Ohatra amin’izany ny andininy izay manambara ny baiko avy amin’i Allah amin’ny fananganana ny swalàt. Hitantsika fa ny Quor’an dia tsy nanazava antsipiriany ny isan’ny rakaanh na ny fomba fanaovana azy, fa tamin’ny alalan’ny Mpaminany (s.a.w) irery ihany no nanazava antsipiriany tamintsika, ary tahak’izany koa no azo resahina mikasika ilay andininy izay manambara ny baikon’i Allah mba hanomezantsika tso-drano ho an’ny Mpaminany (s.a.w). Tsy maintsy Izy irery no afaka manazava antsipiriany ny fomba fanaovana izany. Koa dia nampianatra an’ireo mpanara-diany Izy (s.a.w) araka ny efa notantaraina teo ambony. Efa nazavainy àry fa rehefa mandefa tso-drano na manao swalawàte Aminy ianareo dia mila manao izany feno fa tsy tapahina. Izany voalaza izany dia mbola hita ao amin’ireo bokin’ny namana sounnah, toy ny boky swahih Mouslim... sns.

Eny, ireo swahaba na ireo mpanara-dia rehetra tamin’ny fotoan’ny Mpaminany (s.a.w) dia nahay nanao swalawàte feno ho an’ny Mpaminany tahaka izany nampianariny izany. Torak’izany koa ireo izay tonga taorian’ny swahaba, toa an’ny imàm chàfin sy ireo namany izay tsy nitsahatra nidera ireo havan’ny Mpaminany. Hoy indrindra ny imàm chàfin amin’ny tononkalony malaza, maneho ny fiderana ny havan’ny Mpaminany, milaza manao hoe:

يَا أَهْلَ بَيْتِ رَسُولِ اللَّهِ حُبُّكُمْ  
فَرَضٌ مِنَ اللَّهِ فِي الْقُرْآنِ أَنْزَلَهُ.

كَفَاكُم مِّنْ عَظِيمِ الْقَدْرِ إِنَّكُمْ  
مَنْ لَّمْ يُصَلِّ عَلَيْكُمْ فَلَا صَلَاةَ لَهُ.

**Dikany:**

“Ry ianareo Ahl-oul-baït-n’ily Irak’i Allah! Ny fitiavana anareo dia didy avy amin’i Allah ao amin’ily Quor’an izay nampidininy. Ampy amin’ny haben’ny voninahitrareo, ny filazana hoe: marina dia marina fa izay tsy mandefa tso-drano aminareo dia tsy misy dikany ny swalât nataony”.

Raha fakafakaina io tenin’ny imàm chàfin io dia voafono ao anatin’ny teny anankiroa:

Voalohany dia ilay teny milaza hoe: “Ny fitiavana anareo dia didy avy amin’i Allah”, ary izany dia notsoahiny avy amin’ily andininy, manao hoe:

«قُلْ لَا أَسْأَلُكُمْ عَلَيْهِ أَجْرًا إِلَّا الْمَوَدَّةَ فِي الْقُرْبَىٰ»<sup>1</sup>.

**Dikany:** “Teneno fa Izaho dia tsy mila tambiny avy aminareo mikasika izany afa-tsy ny fitiavana ireo havana akaiky”.

Ireo manam-pahaizana mpanao fanadihadiana ny soratra masina ao amin’ny Quor’an dia samy nanazava fa ny antony nampidinana io andininy io, dia tamin’ny fotona an’ireo mpanara-dian’ny Mpaminany (s.a.w) nila hanome tambiny ho Azy nohon’ny fampielezany ilay finoana Islam tamin’izy ireo, ka teo noho eo i Allah dia nampidina io andininy io.

Rehefa nanontanian’ireo mpanara-diany Izy (s.a.w), nanao hoe: iza ireo havanao akaiky izay antery aminay ny maneho ny tena fitiavana ho Azy ireo miharihary?

Namaly ny Mpaminany hoe: Izy ireo dia i Ali, i Fàtwimah sy ny zanak’izy ireo. Miverena amin’ireo tafsîr Quor’an malaza, toy ny: "البحر المحيط لأبي حيان الأندلسي" bokin’ireo namana sounnah sy ireo boky maro hafa izay miresaka an’izany.

Faharoa dia ilay teny hoe: “Izay tsy mandefa tso-drano aminareo dia tsy misy dikany ny swalât nataony”, izany dia notsoahina tamin’ily tenin’i Allah manao hoe: "و سلموا تسليما", araka ny voalazan’ny manam-pahaizana sasany toa an’i Fakhrou-r-ràzi.

Niteny koa izy ireo fa, izany tenin’i Allah izany dia baiko tsy maintsy tanterahina, kanefa tsy misy baiko izay “wadjib” amin’ny fanatanterahana ny “salàm” ankoatra ilay “salàm” izay tsy maintsy atao ao anatin’ny “swalât wadjib”. Ary izany dia ny fitenenantsika alohan’ny fanaovana ny “tachahhoud” amin’ny swalât andavanandro, manao hoe:

---

<sup>1</sup>سورة الشورى، آية: 23

"السَّلَامُ عَلَيْكَ أَيُّهَا النَّبِيُّ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ"

Ho fanampin'izany, ny silamo rehetra na shianh na sounnah, dia samy mandefa tso-drano ho an'ny Mpaminany sy ireo Taranany masina rehefa manao ny tachoud izy ireo ao amin'ny swalât, izay atao amin'ny fitenenana hoe:

"اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَعَلَى آلِ مُحَمَّدٍ كَمَا صَلَّيْتَ عَلَى إِبْرَاهِيمَ وَعَلَى آلِ إِبْرَاهِيمَ..."

Eny, raha tsy manao izany ny mpivavaka dia tsy eken' i Allah ny swalât izay ataony araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana, toa an'ny imâm Châfin.

Misy tononkalony hafa ihany koa ity, izay niseho tamin'ny vanim-potoana nampiharihary ny fanenjehana an'ireo izay naneho fitiavana an'ireo Ahl-oul-baït, ary namoahan'ny mpitondra fanjakana tamin'izany fotoana izany mihitsy didy fa izay tia sy manaraka Azy ireo dia efa naman'ny nanao fahotana mahafaty ka mendrika ny hofongorina sy vonoina raha tratra. Izany tononkalony izany dia ilay teniny manao hoe:

لَوْ كَانَ حُبُّ آلِ مُحَمَّدٍ ذَنْبًا  
فَدَا لِكَ الذَّنْبُ لَسْتُ مِنْهُ أَتُوبُ

“Raha toa ka ny fitiavana an'ireo taranak'i Mouhammad no fahotana,  
Dia izany fahotana izany, no tsy hibebehako mihitsy.”

Hitantsika hatramin'izao fa, ilay Quor'an sy ireo hadith masina izay voaray avy tamin'ny Mpaminany (s.a.w) ary koa ny tenin'ireo manam-pahaizana dia samy mamporisika avokoa amin'ny fomba fandefasana tso-drano sy firarian-tsoa na fanaovana swalawâte feno ho Azy, izay sahala amin'ny fanaovana izany ao amin'ny “tachâhâhoud” araka ny efa voalaza teo aloha. Fa ny tena mahagaga sy mampalahelo anefa dia mbola misy ihany ireo silamo sasany tsy mandefa tso-drano feno arak'ilay nampianarin'ny Mpaminany (s.a.w). Hita izany ohatra, rehefa mamaky ny boky البرزنجي “al-barzandji” amin'ny fotoana fankalazana ny tsingerin-taona nahaterahan'ny Mpaminany (s.a.w).

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ  
**Lesona fahatelo**

أَصْلُ الشَّيْعِ

Ny fototra nipoiran'ny madhehab shianh

Maro ny milaza fa ny “**madhehab shianh**” dia antokom-pinoana niforona taty aoriana, ny sasany aza dia miteny fa ny fiaviany dia avy tamin'ireo jiosy na iraniana, ary misy mihitsy ny mahasahy miteny fa ireo shianh ireo dia tsy silamo fa kafir, ka eto dia tsara ny mahafantatra ny niatombohan'ity madhehab ity sy ny fototra nipoirany arak'io lohateny amin'ny fiteny arabo voalaza etsy ambony manao hoe : أصل التشيع. Fa alohan'ny hidirana amin'izany dia andeha aloha antsika hamantatra ny dikan'ny teny hoe: شيعية “shianh”.

Ny teny hoe “shianh” dia teny arabo izay midika hoe: “mpanaraka na mpanavotra na mpankato”. Arak'izany, ny fitenenana hoe: شِيَعَةُ عَلِيٍّ “shiantou Ali” dia midika hoe: “mpanaraka an'i Ali”, na koa hoe “mpankatoa an'i Ali”. Ary torak'izany koa, ny fitenenan'ny olona manao hoe: شيعية فرعون “shiantou Fir'aona” dia midika hoe: “mpanaraka na mpankato an'i Fir'aona”. Fa ny tsara ampahatsiahivina amin'ity “madhehab” anankiray izay mpanaraka an'i Ali ity dia efa fantatra amin'ny anaran-tsamirery hoe “shianh” izay efa nalaza hatramin'izay ka hatramin'izao. Koa rehefa maheno ny anarana hoe shianh ny olona iray, tonga dia mazava aminy avy hatrany fa ireo mpanaraka an'i Ali (a.s) taorian'ny rassoulillah (s.a.w) no tiana hambara amin'izany.

Ny mampalahelo anefa amin'ireo silamo sasany izay tsy nandalo fianarana firy, rehefa maheno ilay teny hoe “shianh” izy ireo, dia sahala amin'ny maheno teny ratsy, na teny tsy vetaveta. Koa eto dia tianay ny manazava, fa izany teny izany dia tsy tahak'izany fiheveran'ny sasany azy izany, fa ny heviny dia arakaraka ny fampiasana azy, ka ao ny mampiaraka ilay teny amin'ny anaran'olona tsara, ary ao ihany koa ny mampiaraka azy amin'ny anaran'olon-dratsy, izany hoe miankina amin'ilay anarana ampiarahana aminy.

Raha miverina ao amin'ny Qour'an isika, dia hita fa i Allah Ilay Avo Indrindra dia nampiasa ilay teny hoe شِيَعَةُ “shianh” amin'ireo lafiny anankiroa nolazaina teo. Indraindray i Allah nampiasa an'io teny io amin'ny fankahasitrahana ireo Mpaminaniny sasany, toy ny tamin'ny Mpaminany Nouh sy Ibrahim ary i Moussa (a.s).

Nilaza Izy ao amin'ny souratous-swaffate andininy faha-83 manao hoe:

"وَإِنَّ مِنْ شِيعَتِهِ لِإِبْرَاهِيمَ".

**Dikany:** “Ary marina tokoa fa Ibrahim dia anisan'ny mpanara-diany (Nouh)”.

Ary niteny ihany koa i Allah ao amin'ny souratoul-qaswas, andininy faha-15, manao hoe:

"وَدَخَلَ الْمَدِينَةَ عَلَى حِينِ غَفْلَةٍ مِنْ أَهْلِهَا فَوَجَدَ فِيهَا رَجُلَيْنِ يَقْتَتِلَانِ هَذَا مِنْ شِيعَتِهِ وَهَذَا مِنْ عَدُوِّهِ".

**Dikany:** “Ary niditra tao an-tanàna izy -Moussa (a.s)- amin’ny fotoana izay nahavariana ny mponina, ka nahita lehilahy anankiroa niady, ny anankiray amin’izy ireo dia anisan’ireo mpanara-diany, fa ny faharoa kosa dia anisan’ireo fahavalony”.

Fa raha jerena kosa amin’ny andininy hafa, dia hita fa nampiasaina ilay teny شَيْعَةَ “shianh” amin’ny fanomezan-tsiny, ohatra tamin’i Fir’aona sy ireo namany, arak’ilay tenin’i Allah ao amin’ny souratoul-qaswas, andininy faha 4 manao hoe:

"إِنَّ فِرْعَوْنَ عَلَا فِي الْأَرْضِ وَجَعَلْ أَهْلَهَا شَيْعًا".

**Dikany:** “Marina tokoa fa nanambony tena i Fir’aona tety an-tany, ka nozarainy ho mpanaraka na vondrona maromaro ireo mponina tao aminy”.

Koa ny fanontaniana mipetraka eto dia izao: raha ilay teny hoe “shianh” no teny ratsy sahala amin’izay fiheveran’ny sasany azy, moa ve eken’ny saina salama ny fampiasain’i Allah azy tamin’ny fankalazana ireo Mpaminany lehibe ireo, tahaka ny hitantsika tamin’ilay andininy faha-83 ao amin’ny souratous-swaffate sy ny andininy faha-15 ao amin’ny souratoul-qaswas.

Araka ny fanazavana kely nataontsika teo, dia hita fa ireny teny etsy sy eroa izay henontsika sy entina mankahala na manaratsy ny “madhehab shianh” ireny, dia teny tsy misy porofo, fa teny fanaratsiana sy ampiasaina amin’ny lafiny politika ho fampisaraham-bazana no sady tsy fitiavana tsotra amin’izao fotsiny. Fa raha miverina amin’ilay tantara marina mikasika ny finoana islam isika dia hahafantatra tsara ny fiatombohan’ity “madhehab shianh” ity. Ny Mpaminany mihitsy no nanomboka izany teny izany voalohany tamin’ny fanambarana nataony ampahibemaso, fa i Ali (a.s) no mendrika harahina sy ankatoavina, ary izany dia nitranga tamin’ny taona fahatelo niavian’ny finoana islam rehefa nidina ilay tenin’i Allah manao hoe:

"وَ أَنْذِرْ عَشِيرَتَكَ الْأَقْرَبِينَ"<sup>1</sup>.

**Dikany:** “Ampitandremo ireo havanao tena akaiky”.

Milaza ireo mpanao tafsir rehetra fa rehefa nidina tamin’ny Mpaminany (s.a.w) io andininy io dia navoriny ireo havany lehilahy rehetra sy ny fianakaviany izay miisa 40 eo ho eo araka ny voalazan’ny tantara ary nanao sakafo be izy ireo koa rehefa avy nisakafo dia nitsangana ny Mpaminany (s.a.w) nanao toriteny. Anisan’ny nolazainy tamin’izany andro izany ny teniny manao hoe:

"يَا بَنِي عَبْدِ الْمُطَّلِبِ... وَاللَّهِ مَا أَعْلَمُ إِنْسَانًا فِي الْعَرَبِ جَاءَ فِي قَوْمِهِ بِأَفْضَلٍ مِمَّا جِئْتُكُمْ بِهِ، قَدْ جِئْتُكُمْ بِخَيْرِ الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ وَ قَدْ أَمَرَنِي رَبِّي أَنْ أَدْعُوَكُمْ إِلَيْهِ، فَأَيُّكُمْ يُؤْمِنُ بِي وَيُوَازِرُنِي عَلَى أَمْرِي فَيَكُونَ أَخِي، وَوَصِيِّي، وَوَزِيرِي، وَخَلِيفَتِي فَيَكُم مِّنْ بَعْدِي؟"

<sup>1</sup>سورة الشعراء، الآية: 214

**Dikany:** “Ry taranak’i Abdoul-Mouttwalib...! Mianiana amin’i Allah Aho fa Izaho dia tsy mahafantatra olona iray tamin’ireo arabo nitondra vaovao tena tsara tamin’ny havany mihoatra izay nentiko taminareo, efa nentiko taminareo ny hatsaran’ny “donia” sy ny andro farany, ary marina tokoa fa Izaho dia nobaikoin’ny Tompoko mba hiantso anareo amin’izany, ka iza aminareo no mino ahy sy ho lefitro amin’ity andraikitra ity ka ho lasa rahalahiko, mpitondra hafatro, sy ho lefitro, ary mpandimby ny asako eo aminareo, avy aoriako?”

Naverin’ny Mpaminany in-telo izany teny izany, nefa tsy nisy nitsangana namaly Azy afa-tsy i Ali (a.s) irery ihany ka hoy ny valinteniny hoe:

"يَا نَبِيَّ اللَّهِ أَكُونُ وَزِيرَكَ عَلَى مَا بَعَثَكَ اللَّهُ بِهِ..."

**Dikany:** “Ry irak’i Allah! Izaho no ho lefitrao amin’izay andraikitra nandefasan’i Allah Anao...”.

Taorian’io teny io dia notazonin’ny Mpaminany (s.a.w) ny sorok’i Ali avy eo Izy niteny nanao hoe:

"إِنَّ هَذَا أَخِي وَوَصِيِّي وَخَلِيفَتِي فِيكُمْ فَاسْمَعُوا لَهُ وَأَطِيعُوا"

**Dikany:** “Marina dia marina fa ity no rahalahiko sy mpitondra ny hafatro ary mpandimby Ahy eo aminareo, noho izany dia henoinareo Izy ary ankatoavinareo”.

Raha dinihina tsara ilay tenin’ny Mpaminany (s.a.w) manao hoe: “henoinareo Izy ary ankatoavinareo” dia hita fa Izy (s.a.w) mihitsy no olona voalohany nibaiko tamin’ny fanarahana an’i Ali (a.s). Ary mbola nanamafy izany teny izany tamin’ny fomba maro samy hafa Izy (s.a.w), nanomboka ny fiandohan’ny fampielezana ny finoana ka hatramin’ny farany, mba hanehoana ampahibemaso fa i Ali (a.s) irery ihany no olona mendrika ho mpandimby Azy amin’ireo mpanara-diany rehetra. Nanazava ny voninahitra izay nananany ilay Mpaminany (s.a.w). Anisan’ny andininy nidina naneho ny voninahitr’i Ali ilay tenin’i Allah manao hoe:

"إِنَّ الدِّينَ أَمْنٌ وَأَوْعَامِلُوا الصَّالِحَاتِ أُولَئِكَ هُمُ خَيْرُ الْبَرِيَّةِ".

“Tena marina fa ireo mpino sy mpanao asa soa no tena tsara indrindra amin’ny olombelona”<sup>1</sup>.

Rehefa nidina io andininy io, dia niteny tamin’i Ali (a.s) ilay Mpaminany (s.a.w) teo anatrehan’ireo mpanara-diany, nanao hoe:

"أَنْتَ يَا عَلِيُّ وَشِيعَتُكَ خَيْرُ الْبَرِيَّةِ"

“Ianao sy ireo mpanara-dia Anao ry Ali no olombelona tena tsara indrindra”.

---

<sup>1</sup> Souratoul-bayyinah andininy faha-7.

Io teny io dia azo jerena amin' ilay boky tafsir nosoratr'i At-twabari "الطبري". Ny mpanao tantara dia nanambara fa nanomboka tamin' izany andro izany dia nisy mpanara-dia sasany aza tahaka an'i "Aboudhar Al-ghaffar" rehefa nahita an'i Ali (a.s) nanatona, dia nilaza amin' ny fiteny manao hoe: "جَاءَ خَيْرُ الْبَرِيَّةِ", izay midika hoe: "Tonga ilay olombelona tena tsara indrindra".

Koa noho izany, dia mendrika ny filazana fa ny "shianh" irery ihany no manaraka madhehab ara-dalàna, izay tokony harahin' ny rehetra taorian' ny fandoazan' ny Mpaminany (s.a.w), satria ity madhehab ity dia tsy vao niforonina taty aoriana fa ilay Mpaminany (s.a.w) mihitsy no nampahafantatra azy voalohany, araka ny fanazavana nataontsika teo aloha. Ary fantatry ny rehetra fa ny Mpaminany (s.a.w) dia tsy olona mpanaonao foana, fa ny teny izay lazainy dia hafatra avy amin' i Allah avokoa, araka ny voalazan' ny Quor'an amin' ilay teny manao hoe:

" وَمَا يَنْطِقُ عَنِ الْهَوَىٰ . إِنْ هُوَ إِلَّا وَحْيٌ يُوحَىٰ "

"Ary izy dia tsy miteny araky ny faniriany manokana afa-tsy hoe hafatra avy amin' i Allah"<sup>1</sup>.

Voaporofa eto àry fa ny madhehab shianh dia tsy noforonin' iza na iza tahaka ny filazan' ireo sasany azy, fa ny Mpaminany (s.a.w) no efa namorona azy io mba harahin' ny silamo rehetra izay vonona hankato an' i Allah sy ilay Irany.

Hatreto angamba, dia efa mazava amin' ny olona mahay mandinika tsara fa ireny teny henontsika etsy sy eroa rehetra ireny, izay mampiseho sy mitory fa ny "madhehab shianh" dia noforonina taty aoriana, dia teny tsy marina sy tsy mitombona ary tsy voaporofa, fa kosa teny natao hanenjehana fotsiny an' ireo fianankavian' ny Mpaminany (s.a.w). Tsy mahagaga anefa izany fihetsik' ireo mpanenjika izany satria efa mahazatra hatrany hatrany ny fanoherana sy ny fanenjehana ny marina. Ary izany dia voaporofa ao amin' ny Quor'an, tahak' ilay tenin' i Allah manao hoe: "اكثرهم للحق كارهون" sy ny hoe: "اكثرهم لا يعقلون" ...sns, izay midika hoe: "Ny ankamaroan' ny olombelona dia mankahala ny marina", "ny ankamaroan' ny olombelona dia tsy mandinika na tsy mampiasa saina".

Raha mandinika tsara isika silamo ary miezaka ny miala amin' ny fiziriziriana sy ny fanambonian-tena, dia hahatsapa fa ny madhehab tokana izay nipoitra avy amin' ny Quor'an sy ny sounnah no sady eken' ny saina dia ny "مذهب أهل البيت" izay efa nambaran' ilay Iraka (s.a.w) talohan' ny nahafatesany. Eny, efa nampahafantariny mialoha fa ireo vahoakany dia tsy maintsy hisaratsaraka any aoriany any ka nahatonga Azy nilaza ilay hadith goavana, izay mampandinika sy mampieritreritra ho an' ny olona matahotra ny sazy amin' ny andro farany, izay manao hoe:

"سَتَقْتَرُونَ عَلَيَّ عَلَى ثَلَاثٍ وَ سَبْعِينَ فِرْقَةً كُلُّهُمْ فِي النَّارِ إِلَّا فِرْقَةً وَاحِدَةً"

"Hisaratsaraka ho telo ambin' ny fitopolo vondrona ireo vahoakako, ary samy ho ao anatin' ny afo-be avokoa izy rehetra afa-tsy vondrona iray ihany".

<sup>1</sup> Souratoun-nadjm :3-4

Eny, ny fisaratsarahana izay hita amin'ireo vahoaka silamo dia efa nambaran'ny Mpaminany (s.a.w) mialoha, tahaka ny efa nanambarany mialoha ihany koa ny famonoana an'ireo zafiny (a.s.) mba ho vavolombelona tsy ahafahan'ny olona hialantsiny eo anatrehan' i Allah sy ilay Irany (s.a.w) amin'ny andro farany. Efa napetrany ilay vondrona mendrika tokony harahina avy aoriany, fa tsy vondrona izay mbola hoforonina. Ary mbola izany ihany koa no nahatonga Azy (s.a.w) nanambara mialoha an'ily teny izay manome antoka ny vahoaka sy ny finoana, raha toa ka hifikitra amin'izany izy ireo. Hoy indrindra Izy (s.a.w) nanao hoe:

"إِنِّي تَارِكٌ فِيكُمْ التَّقْلِينَ كِتَابَ اللَّهِ وَ عَثْرَتِي أَهْلَ بَيْتِي مَا إِنْ تَمَسَّكْتُمْ بِهِمَا لَنْ تَضِلُّوا بَعْدِي أَبَدًا"<sup>1</sup>.

“Lazaiko marina aminareo tokoa fa Izaho dia hametraka zavatra roa mavesa-danja eo aminareo, dia ny bokin'i Allah sy ireo fianakaviako, raha mifikitra amin'izy roa ireo ianareo dia tsy ho very mandrakizay avy aoriako”.

Tiana anefa ny mampahatsiahy fa misy foana ny fanankorotanana ataon'ireo fahavalon'ny silamo, ary indrindra fa ireo fahavalon'ny Ahloul-bait (a.s) fianakavian'ny Mpaminany, dia ny fiezahan'izy ireo hatrany mamadika sy mandika vilana ireo teny netiny nankalaza an'ireo fianankaviany masina. Anisan'ny fiezahana nataon'izy ireo dia ny famadihana ilay “hadith” malaza izay hitantsika teo hiova ho hadith hafa izay tsy tazana amin'ireo boky taloha, afa-tsy amin'ny boky tokana antsoina hoe: مُوطَأُ الْمَالِكِ , ary toy izao izany:

"إِنِّي تَارِكٌ فِيكُمْ التَّقْلِينَ كِتَابَ اللَّهِ وَسُنَّتِي مَا إِنْ تَمَسَّكْتُمْ بِهِمَا لَنْ تَضِلُّوا بَعْدِي أَبَدًا"

“Izaho dia hametraka zavatra roa mavesa-danja aminareo, dia ny bokin'i Allah sy ny sori-dalako, raha mifikitra amin'izy roa ireo ianareo dia tsy ho very mandrakizay avy aoriako”.

Izany teny izany, no notazomin'ireo namana sounnah no sady hitan'izy ireo ho marina, raha mitaha amin'ily hadith voalohany. Ny mahay mandinika anefa, raha mamakafaka an'ireo teny anankiroa ireo, dia hahita fa ny voalohany no mifanaraka kokoa amin'ny saina, mihoatra ilay faharoa, satria tsy eken'ny saina ny fitenenana ny teny anankiroa izay hita misy fifanoherana, ary lazaina fa izany dia avy amin'ny Mpaminany (s.a.w) tokoa. Koa izany no mahatonga antsika tsy maintsy mamakafaka an'ireo teny anankiroa ireo mba hahafahana manavaka sy mamantatra iza amin'izy anankiroa ireo no lojika sy mifanaraka amin'ny saina.

Tsara ny mahafantatra fa ny dikan'ily teny hoe "وَسُنَّتِي" na koa hoe “ny sori-dalako”, izay misoratra amin'ny hadith voaray tamin'io bokin'izy ireo io, raha adikantsika amin'ny teny malalaka dia midika hoe ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany (s.a.w).

Noho izany raha raisintsika tsotsotra ny dikan'ily “hadith” faharoa, dia izao no tiany ho lazaina: “Izaho dia mametraka zavatra roa mavesa-danja aminareo, dia ny bokin'i Allah sy ny fomba amam-panaoko” izay samy efa voarakitra ao amin'ny boky avokoa izy roa ireo.

<sup>1</sup>صحيح الترمذي ج 2 / ص 329



Koa ny fanontaniana mipetraka dia izao: moa ve ny fananan'ny silamo tsirairay ny "Qur'an" sy ireo "hadith" ao an-trano, dia afaka miaro amin'ny fahaverezan'ny vahoaka any aorian'ny fahafatesan'ny Mpaminany (s.a.w)?

Valiny:

Mazava ho azy fa izany boky izany fotsiny dia tsy afaka miaro, fa tsy maintsy ilaina ny fisian'ny olona tena mahay manazava an'ily boky sy ny sori-dàlan'ny Mpaminany (s.a.w) amin'ny tena izy, izay vao tanteraka ny tanjon'i Allah sy ilay Irany amin'ny tsy hahavery sy ny tsy hisaratsarahan'ny vahoaka silamo, tahak'izao hitantsika amin'izao fotoana izao. Ireo olona tena mahay ireo dia efa misy famantarana maromaro avy amin'i Allah voalaza ao amin'ny Qur'an ary koa efa nampahafantaran'ily Mpaminany (s.a.w) talohan'ny nandaozany ity tany ity izany. Tsy iza akory izy ireo fa ireo havany masina sy madio. Koa izany rehetra izany no nahatonga an'i Allah nampitandrina mialoha an'ireo mpino mba hivondrona amin'Izy ireo ka nambarany fa Izy ireo no tadiny, arak'ily teniny manao hoe:

" يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا اتَّقُوا اللَّهَ حَقَّ تَقَاتِهِ وَلَا تَمُوتُنَّ إِلَّا وَأَنتُمْ مُسْلِمُونَ . وَاعْتَصِمُوا بِحَبْلِ اللَّهِ جَمِيعًا وَلَا تَفَرَّقُوا " <sup>1</sup>

"Ry mpino, matahora an' i Allah amin'ny tena fahatahorana ianareo, ary aoka tsy ho tratran'ny fahafatesana raha tsy efa silamo tokoa, ary mifikira amin'ily tadin'i Allah, fa aza misaratsaraka".

Tsy vitan'izany, fa ny tenan'ny Imàm Ali mihitsy no nilaza hoe:

"أَنَا حَبْلُ اللَّهِ"

Koa noho izany, raha tiantsika ny ho silamo marina no sady ho tratran'ily fahafatesana amin'ny endrika izay ankahasitran'ny Allah, dia tsy maintsy ilaina ny mifikitra amin'ily bokiny sy ireo havan'ily Mpaminany (s.a.w) fa tsy tokony hisaratsaraka velively na hihataka amin'izy ireo, satria izy ireo ihany no ilay tadin'i Allah izay tena afaka manazava amintsika mikasika ny bokin'i Allah sy ny sori-dàlan'ny Rasoulillah (s.a.w). Ary ny Mpaminany (s.a.w) ihany koa dia nampahafatantra antsika izany, araka ny teniny izay nidera an'ny Imàm Ali (a.s) nanao hoe:

"عَلِيٌّ حَبْلُ اللَّهِ الْمَتِينُ"

"Ali no ilay tady mantajakan'i Allah".

Eto dia misy fanamarihana kely ho antsika mpamaky. Efa hita fa tsy mifanaraka amin'ny lojika ilay hadith hoe: " كِتَابُ اللَّهِ وَسُنَّتِي ", fa noforonina fotsiny mba hanadisoana ilay hadith izay

---

<sup>1</sup>سورة آل عمران، 103، 102

nolazain'ny Mpaminany manao hoe "كِتَابِ اللَّهِ وَ عَثْرَتِي أَهْلَ بَيْتِي". Koa noho izany dia tokony ho fantatry ny rehetra avy hatrany ny tsy fahamarinan'izany hadith izany. Ary izany dia efa fomba mahazatra azy ireo ny mamorona teny hanoherana ny tenin'ny Mpaminany (s.a.w) izay nentiny hankalazana an'ireo havany masina.

Eny, tsara ny mampahatsiahy fa ny Mpaminanintsika (s.a.w) dia efa nahafantatra ary nampahafantatra ny fampandaingana hatao azy, ary izany no nahatonga ny fanambarany tamin'ilay teniny nanao hoe:

"كَثُرَتْ عَلَيَّ الْكَذَابُ وَ سَتَكُنُّرُ فَمَنْ كَذَّبَ عَلَيَّ مُتَعَمِّدًا فَلْيَتَّبِعُوا مَقْعَدَهُ مِنَ النَّارِ."

“Efa maro ireo mampadainga ahy ankehitriny ary hihamaro izany, fa izay mampadainga ahy an-tsitrapo dia miomàna fa ny afobe no hitoerany”.

Raha fintinina dia hita mazava fa ny tenin'ilay Iraka (s.a.w) izay milaza hoe: “Nametraka zavatra roa mavesa-danja aminareo Aho, dia ny bokin'i Allah sy ireo Ahl-oul-baït havako”, no lojika sy mifanaraka amin'ny saina, satria ny boky masin' i Allah dia mitady olona hanazava izany, ary torak'izany ihany koa ny sori-dàlany izay voarakitra ao amin'ny boky. Fa ireo boky ireo dia tsy afaka manazava ny tenany fa tsy maintsy mitady olona tena mahay momba azy ireo, ary tsy misy na iza na iza afaka hiteny hoe mahay tsara mikasika ny bokin'i Allah sy ny sori-dàlan'ny Mpaminany (s.a.w) afa-tsy ireo olo-masina ireo. Izany no nahatonga Azy (s.a.w) niteny hoe: “sy ireo Ahl-oul-baït havako”, satria izy ireo irery ihany no masina sy madio.

Ho fanampin'izany, raha jerena kely ao amin'ny Quor'an dia misy andininy manambara fa tsy misy na iza na iza mahatsapa sy mahalala ny Quor'an araka ny tokony ho izy, afa-tsy izay olona voadio ihany. Hoy indrindra i Allah ao amin'ny souratoul-wàqianh, andininy faha-77 ka hatramin'ny faha-79 manao hoe:

"إِنَّهُ لَقُرْآنٌ كَرِيمٌ، فِي كِتَابٍ مَكْنُونٍ، لَا يَمَسُّهُ إِلَّا الْمُطَهَّرُونَ."

“Marina fa izy tokoa no tena Quor'an malala-tànana, ao anaty boky voaaro tsara, ka tsy misy na iza na iza no mahatsapa sy mahalala afa-tsy ireo izay voadio”.

Ary izany no adikan'ireo manam-pahaizana filôzôfa an'io andininy io, amin'ny dikany lalina. Ny zavatra tokony ho fantatry ny daholobe, dia ny olona izay manao woulwou dia madio fa tsy voadio, ka izany no mahatonga an'ireo manam-pahaizantsika lehibe manambara fa ity andinin'ny Quor'an ity dia manana dikany lalina. Tiako ny manambara ihany koa fa ireo lehibe amin'ny manam-pahaizana, dia milaza fa raha misy andininy tsy mazava amin'ny olona ao anatin'ny Quor'an, dia tokony mitady andininy hafa izy manazava azy, satria ny samy andinin'ny Quor'an ihany no afaka mifanazava.

Koa ny fanontaniana tsara apetraka ho an'ny tsirairay dia izao: iza tokoa moa ireo olona efa voadio izay lazain'ilay andininy ao amin'io souratoul-wàqianh io, ka tsy misy hafa ankoatr'azy ireo ihany no tena mahalala ny Quor'an araka ny maha-izy azy?

Raha miverina amin'ny Quor'an isika dia mahita ao amin'ny souratoul-ahzab fa misy andininy manome antsika ny valin'izany fanontaniana izany. Hoy indrindra i Allah ao amin'ny andininy faha-33, izay miteny manao hoe:

"إِنَّمَا يُرِيدُ اللَّهُ لِيُذْهِبَ عَنْكُمُ الرِّجْسَ أَهْلَ الْبَيْتِ وَيُطَهِّرَكُمْ تَطْهِيرًا"

“Marina dia marina fa i Allah dia mila manakana ny fahotana ho aminareo ry Ahl-oul-baït sy tena manadio anareo amin'ny fahadiovana tanteraka”.

Hitantsika fa ilay andininy ao amin'ny “souratoul-ahzab”, dia efa manazava tsara amintsika ilay andininy ao amin'ny “souratoul-wàqianh”. Ary ankoatr'izany, ao amin'ny Quor'an dia mbola misy andininy maromaro afaka manazava amintsika bebe kokoa mikasika ireo Ahl-oul-baït havan'ny Rassoulillah (s.a.w) izay voadio sy voasakana amin'ny loto ireo. Ohatra amin'izany, ny andininy faha-61 ao amin'ny sourat al-Imràn izay manambara amintsika mazava hoe iza marina ireo Ahloul-baït, izay efa nosakanan'i Allah tamin'ny fahotana?! Hoy Ilay Avo Indrindra miteny manao hoe:

"فَلْتَعَالُوا نَدْعُ أَبْنَاءَنَا وَأَبْنَاءَكُمْ وَنِسَاءَنَا وَنِسَاءَكُمْ وَأَنْفُسَنَا وَأَنْفُسَكُمْ..."

“ Koa lazao hoe, avia ianareo, izahay hitondra ny zanakay, ary ianareo hitondra ny zanakareo, ny vehivavinay ary ny vehivavinareo, ny tenanay sy ny tenanareo...”

Ireo manam-pahaizana mpamakafaka ny Quor'an, na sounnah na shian, dia samy miombon-kevitra fa ny tian'i Allah ho lazaina tamin'ilay teny hoe zanakay sy ny zanakareo, ny vehivavinay sy ny vehivavinareo, ary koa ny tenanay sy ny tenanareo ao amin'io andininy mikasika ny fifanozonana teo anatrehan'ny silamo sy ny kristiana io, dia i Hassan sy Houssein (a.s) eo amin'ny toeran'ireo zanaka, sy i Fâtîmatouz-Zahra (a.s) irery eo amin'ny toeran'ireo vehivavy, ary i Ali (a.s) ihany no naka ny toeran'ilay tenan'ny Mpaminany (s.a.w).

Koa mazava amin'ny olona manam-pahalalana sy mahay mamakafaka, fa ireto olona izay nofidin'i Allah manokana ho naman'ilay Irany (s.a.w) tamin'ny andron'izany fifanozonana lehibe niseho teo amin'ny finoana islam sy ny finoana kristianina izany no ireo ahloul-baït izay efa voadio amin'ny loto. Ary Izy ireo dia tsy iza akory fa i Hassan sy i Houssein sy ny ray amandrenin'Izy ireo (a.s). Mazava ho azy ihany koa, fa mbola Izy ireo hatrany no tiana holazaina amin'ilay andininy ao amin'ny souratoul-wàqianh, ka anjaran'ny tsirairay no miezaka mahay mandinika sy mieritreritra. Noho izany, rariny tokoa ho an'ireo miteny fa tsy misy tena mahalala ny Quor'an araka ny tokony ho izy afa-tsy Izy ireo ihany. Eto angamba vao mazava amintsika ny tsiambaratelon'ilay teny hitantsika teo aloha izay nolazain'ny Mpaminany (s.a.w) manao hoe:

"إِنِّي تَارِكٌ فِيكُمْ التَّقْلِينَ كِتَابَ اللَّهِ وَ عِثْرَتِي أَهْلَ بَيْتِي..."

“Marina dia marina fa izaho dia hametraka zavatra roa mavesa-danja aminareo, dia ny bokin'i Allah sy taranako Ahl-oul-baït ...”.

Ary niteny ihany koa Izy (s.a.w) nanao hoe:

"أَنَا مَدِينَةُ الْعِلْمِ وَ عَلِيٌّ بَابُهَا فَمَنْ أَرَادَ الْمَدِينَةَ فَلْيَأْتِهَا مِنْ بَابِهَا".

“Izaho no tanànan’ny fahalalana ary i Ali no vavahadiny, ka izay mila miditra amin’ily tanàna dia midira ao aminy avy eo amin’ny vavahadiny.”

Araka ny voalazan’ny manam-pahaizan’ireo ahloul-sounnah, rehefa mankalaza an’i Ali izy ireo ao amin’ny swalâtout-tarâwîh, dia lazain’izy ireo fa i Ali (a.s) no mpandova ny fahalalan’ireo Mpaminany rehetra (a.s), koa tsy mahagaga raha Izy (a.s) no nahasahy niteny hoe:

"أَنَا الْقُرْآنُ النَّاطِقُ وَ ذَلِكَ الْقُرْآنُ الصَّامِتُ".

“Izaho no Quor’an miteny fa iny kosa dia Quor’an tsy miteny.”

Ary niteny ihany koa ny Imàm Ali (a.s) hoe:

"أَنَا الصِّرَاطُ الْمُسْتَقِيمُ".

“Izaho no ilay làla-mahitsy”

Isika rehetra dia miara-miaiky avokoa fa tsy misy na iza na iza mahasahy miteny tahak’ireo teny voalaza ireo afa-tsy ny olona izay vavolombelon’i Allah.

Eny! Tiana ny mampahatsiahy fa ireo Ahl-oul-baït (a.s), Izy rehetra ireo dia samy vavahadin’ny fahalalan’ily Mpaminany (s.a.w) araka ny voalazan’ny hadith fa tsy i Ali irery ihany. Ny anton’izany dia tsotra, satria miara-mahalala ny rehetra fa ny finoana islam dia mbola nitohy hatrany hatrany fa tsy tapitra tamin’ny vanim-potoan’ny Mpaminany (s.a.w) sy ny Imàm Ali (a.s). Noho izany ny fahalalan’ily Mpaminany (s.a.w) sy ny Imàm Ali (a.s) dia tsy maintsy mifindra amin’ireo taranany masina ary tahaka izany hatrany mandra-pahatongavan’ny andro farany. Tiana ihany koa ny mampahatsiahy ny rehetra fa ny hafatra masina avy amin’i Allah dia nidina tao an-tranon’Izy ireo; ary izany no dikan’ily tenin’Izy ireo manao hoe: “Taminay no nanombohan’ny finoana ary any aminay ihany no hiafarany”.

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ  
**Lesona fahaefatra**

**Ireo zavatra sasany mampiavaka ny shianh sy ny sounnah**

Ankehitriny, dia azo lazaina fa maromaro ireo fampianarana efa hitantsika, toy ny fampianarana mikasika ny mahazava-dehibe ny saina, sy ny fomba fangatahana tso-drano ho an'ny Mpaminany na ny fanaovana swalawàte Aminy (s.a.w.). Avy eo isika dia niresaka ihany koa ny amin'ny fiantombohan'ny madhehab shianh. Koa ny ho fantarintsika izao dia ireo lalàna vitsivitsy izay hita ny fahasamihafany eo amin'ireo madhehab roa ireo, fa ho an'izay mila mandalina izany dia ampirisihina izy mba hiverina amin'ireo boky islamika lehibe, na koa misy boky nosoratanay mitondra ny lohateny hoe: " إَعْرِفِ الْحَقَّ تَعْرِفِ أَهْلَهُ " izay ahitana fanazavana lalindalina mikasika izany.

السُّجُودُ عَلَى الْأَرْضِ  
**Ny fiankohofana ambonin'ny tany**

Misy ny milaza fa ireo shianh dia olona mpanompo vato. Ary rehefa anontaniana ireo izay milaza an'izany manao hoe: inona ny antony ilazanareo ny shian toy izany? Dia mamaly izy ireo hoe: satria ny shianh rehefa manao soudjoud dia tsy maintsy eo ambonin'ny tany na vato.

Valiny: raha mandinika tsara ilay mpitsikera dia hahita fa tsy misy ny mahasamihafa ny fanaovana soudjoud eo amin'ny shianh na eo amin'ny sounnah raha amin'ny endrika ety ivelany no jerena, fa saingy ny zavatra anaovana soudjoud no tsy itovizana. Koa eto dia apetraka ny fanontaniana manao hoe: moa ve “wàdjib” amin'ny silamo eo ampanaovana “swalàt” ny manao soudjoud eo ambonin'ny tany na vato ... sa azo atao ny manao soudjoud amin'ny zavatra tsy azo antsoina hoe tany toy ny lamba? Ireo no fanontaniana lehibe izay itadiavantsika valiny ao amin'ny Qour'an na ao amin'ny hadith.

Raha miverina amin'ny Qour'an isika, dia hita fa tsy manome valiny mazava mikasika izany izy, fa kosa navelany izany ho hazavain'ily “sounnah” izany hoe ny sori-dàlan'ny Mpaminany (s.a.w).

Tsara ho marihana fa tsy io ihany no lalàna navelan'ny Qour'an mila fanazavana avy amin'ily sori-dàlan'ny Mpaminany fa maro dia maro ireo fihetsika atao ao amin'ny finoana islam no tsy ahitana fanazavana ao amin'ny Qour'an, fa ny sori-dàlan'ny Mpaminany (s.a.w) ihany no manambara izany amin'ny fomba mazava. Ohatra amin'izany: ireo isan'ny rakaanh atao amin'ny “swalàt” izay tsy misy andinin'ny Qour'an ny miresaka momba izany amin'ny antsipiriany fa ny sounnah no tonga nanazava azy.

Arak'izany, isika dia hiresaka mikasika ireo hadith manambara ny fomba fanaovana soudjoud eo ambonin'ny tany na dia ny vitsivisty amin'izany fotsiny aza. Hoy indindra ilay Mpaminany (s.a.w) niteny nanao hoe:

"جُعِلَتْ لِي الْأَرْضُ مَسْجِدًا وَ طُهْرًا"

**Dikany:** "Natao ho Ahy ny tany mba ho fiankohofana sy fidiovana". Hita izany teny izany ao anatin'ny boky malaza maromaro, toy ny boky swahihoul-boukhàri v.1 p.96, swahih Mouslim v.1 p.361, swahihoun-nisàï. صحيح البخاري ج 1 / ص 361. صحيح النسائي. صحيح مسلم ج 1 / ص 361.

Raha fakafakaina ilay hadith dia toy izao no tiany hambara:

Allah dia nanao ny tany mba ho toerana fiankohofana sy fidiovana ho an'ilay Irany (s.a.w) sy ireo swahaba ary ireo mpanara-diany taty aoriana ka hatramin'ny andro farany. Ary ny dikan'ny teny hoe "مَسْجِدًا" dia toerana fanaovana soudjoud. Noho izany, io hadith io dia mila manaporofa fa ny soudjoud araka ny tokony izy izay ankasitrahan'i Allah dia ilay atao eo ambonin'ny tany fa tsy ilay atao eo ambonin'ny zavatra hafa tsy azo antsoina hoe tany, sahala amin'ny lamba na "tapis"... sns. Mazava ho azy fa ny lamba na "tapis" dia tsy azo antsoina hoe tany; ary torak'izany koa ny zava-drehetra ankoatran'ny tany dia tsy azo anaovana soujoud eo amboniny afa-tsy ireo zava-maniry avy amin'ny tany izay tsy azo hanina no sady tsy azo hitafiana, araka ny voalazan'ny hadith sasany izay miresaka mikasika ireo lalàna momba ireo tranga miavaka na ny lalàna amin'ny ambaratonga faharoa izay antsoina hoe الْحُكْمُ النَّبَوِيُّ.

Raha misy manontany moa ve ny "tapis" na lamba dia azo lazaina hoe tany? Mazava ho azy fa ny valiny dia "tsia". Koa raha izany no izy dia inona no mahatonga ny sasany no mbola mahasahy manao soudjoud eo ambonin'ireo zavatra ireo, nefa iaraha-mahalala fa i Allah Ilay Avo Indrindra dia nibaiko ny Mpaminaniny (s.a.w) sy ireo mpanaraka Azy mba hanao soudjoud eo ambonin'ny tany?!

Eny, ny tantaran'ny finoana islam dia manambara amintsika fa ny Mpaminany (s.a.w) sy ireo swahàba tamin'ny vanim-potoan'izy ireo dia tena tsy nitsahatra nanao soudjoud teo ambonin'ny tany; na dia teo aza ireo olana samihafa toy ny hafanana na ny hatsiaka tafahoatra.

Eto, ny fanontaniana azo hapetraka ihany koa dia ny hoe: moa ve ny fanaovana soudjoud ambonin'ny "tapis" na lamba dia mifanaraka amin'ny sori-dàlan'ny Mpaminany (s.a.w) sa tsia?

Raha miverina isika amin'ireo hadith teo aloha, dia hita fa tsy mifanaraka velively amin'ny sori-dàlan'ny Mpaminany (s.a.w) izany. Kanefa Izy dia naniraka ny mpino silamo rehetra mba hanaraka tsara an-tsakany sy an-davany ny fombam-pivavahany, arak'ilay teniny malaza manao hoe:

"صَلُّوا كَمَا رَأَيْتُمُونِي أُصَلِّي"

**Dikany:** "Manaova swalàt ianareo tahaka ny fahitanareo ny fanaovako swalàt".

Araka io hadith io ny Mpaminany (s.a.w) dia mila mamporisika ny vahoakany hatramin'izay ka hatramin'izao mba hanantanteraka ny swalàt sahala amin'ilay fomba nanaovany izany. Ary i Allah dia maniraka antsika ao amin'ny Bokiny mba hanaraka sy hankato hatrany ny fampianaran'ny Mpaminany (s.a.w), arak'ilay andininy manao hoe:

"مَا آتَاكُمُ الرَّسُولُ فَخُذُوهُ وَمَا نَهَاكُمْ عَنْهُ فَانْتَهُوا"

**Dikany:** “Ny zavatra izay nentin'ny Mpaminany ho anareo dia raiso, ary izay nandraràny anareo dia halaviro”<sup>1</sup>.

Ho fanampin'izany, dia misy hadith izay voaray avy tamin'i “وائل” “wà'il”, mpanaradian'ilay Iraka (s.a.w), izay nilaza nanao hoe:

"رَأَيْتُ النَّبِيَّ (ص) إِذَا سَجَدَ وَضَعَ جَبْهَتَهُ وَانْفَهُ عَلَى الْأَرْضِ."

**Dikany:** “Izaho dia nahita ny Mpaminany (s.a.w) rehefa nanao soudjoud Izy dia napetrany teo amin'ny tany ny handriny sy ny orony”.

Ary misy ihany koa ireo hadith izay manamafy ny mahatsara kokoa ny fanaovana soudjoud eo ambonin'ny tany, toy ny hadith izay milaza manao hoe:

"مَا مِنْ عَبْدٍ مُسْلِمٍ يَسْجُدُ عَلَى بُقْعَةٍ مِنْ بُقَاعِ الْأَرْضِ إِلَّا شَهِدَتْ لَهُ يَوْمَ الْقِيَامَةِ"

**Dikany:** “Tsy misy mpanompo iray ka miankohoka eo amin'ny singa iray amin'ireo singan'ilay tany raha tsy hoe ilay tany no hanao vavolombelona ho azy any amin'ny andro farany”.

الْوُضُوءُ

### Al-woulwou

Anisan'ny fanoherana izay misy eo amin'ny shianh sy ny sounnah izay miteraka resabe eo anivon'ny finoana islam dia ny mikasika ny woulwou, izay ahitana andinin'ny Qur'an nampidinin'i Allah milaza ny fomba fanaovana azy. Hoy indrindra Izy niteny nanao hoe:

"يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا إِذَا قُمْتُمْ إِلَى الصَّلَاةِ فَاغْسِلُوا وُجُوهَكُمْ وَأَيْدِيَكُمْ إِلَى الْمَرَافِقِ وَامْسَحُوا بِرُءُوسِكُمْ وَأَرْجُلَكُمْ إِلَى الْكَعْبَيْنِ"<sup>2</sup>.

“Ry mpino! Rehefa hiomana hanao swalàt ianareo, dia sasao ny tavanareo sy ny tanànareo miaraka amin'ny kiho, ary safoy ny lohanareo sy ny tongotrareo hatreo amin'ireo kitro”.

<sup>1</sup> Souratoul-hashr, and.7.

<sup>2</sup> سورة المائدة: 6

Na dia mazava tsara ara-bakiteny toy izany aza ny dikan'io andininy izay miresaka mikasika ny fomba fanaovana woulwou io, dia mahagaga fa mbola miteraka fifandirana lehibe eo amin'ny samy silamo izany, ka mahatonga ny fametrahana fanontaniana manao hoe: moa ve rehefa manao woulwou dia ny fanasana ny tongotra no tena marina sa ny fisafoana azy?

Valiny: marina fa mifanohitra be ireo manam-pahaizana silamo mikasika izany ary miteraka olana lehibe tokoa eo amin'ireo samy mpino silamo. Ao ny mahita fa ny wadjib dia ny fisafoana ny tongotra, ny hafa mahita fa ny wadjib dia ny manasa, ny sasany kosa dia mahita fa ny wadjib dia ny fampitambarana azy roa, izany hoe sady manasa no misafo, fa misy ihany koa aza andiana manam-pahaizana mahita fa ny olona dia afaka misafidy amin'izay tiany hatao ka na misafo no hataony na manasa.

Ny ankamaroan'ireo silamo sounnah anefa dia mirona amin'ny maha-wadjib ny fanasana ny tongotra. Fa ireo shianh mpanaraka an'ireo Imàm roa ambin'ny folo kosa dia mahita fa ny wadjib dia ny fisafoana.

Ary ny porofon'ireo sounnah mikasika izany dia ny fahitana fa ny teny “waw” و izay mialohan'ily teny أَرْجُلُكُمْ eo amin'ily andininy, dia “waw” mpampitohy izay mampitohy an'ireo teny anankiroa ireo, dia ny tongotra sy ny tanana izay sasana araka ny mahazatra azy ireo. Fa ireo manam-pahaizana “shianh ithna anshariyah” kosa dia mahita fa tsy mety izany fanazavan'izy ireo izany, nohon'ny antony anankiroa:

Voalohany, izany fanazavan'izy ireo izany dia tsy mifanaraka amin'ny fahaizana mandamin-dresaka nohon'ny fisian'ny fehezanteny manelanelana eo amin'ily teny tànana sy ilay teny tongotra, ary ilay fehezanteny manelanelana dia ilay teny “وَأَمْسَحُوا بِرُءُوسِكُمْ”.

Raha ohatra ilay teny أَرْجُلُكُمْ mitohy marina amin'ily teny أَيْدِيكُمْ araka ny voalazan'ireo sounnah dia tokony ho toy izao ny fomba nandrafetana ny fehezantenin'ily andininy:

“Sasaonareo ny tarehinareo sy ny tananareo miaraka amin'ny kihonareo ary ny tongotrareo ka hatramin'ny kitro”; fa tsy nosarahana ilay teny tanana sy ilay teny tongotra.

Izany no fanazavana mikasika ilay antony voalohany azo hambara ato amin'ity boky kely ity. Fa ny fanazavana ny antony faharoa dia marina fa sarotra ny hanazavana izany eto satria somary lavalava ihany ka mety ho sarotra amin'ny ankamaroan'ny olona izay tsy nandalina ny “grammaire” arabo ny mahatakatra azy kanefa ity boky ity dia natokana ho an'ny fampianarana amin'ny ambaratonga antonony, ka aleo ajanona eo ny fanazavana. Fa izay te hahafantatra an'izany dia aoka izy hiverina ao amin'ily boky "إِعْرِفِ الْحَقَّ تَعْرِفِ أَهْلَهُ" na “Fantaro ny fahamarinana dia ho fantatrao izay tompony”, izay nosoratanay.

Anisan'ireo porofo izay tazomin'ireo shianh amin'ny fanaporofaona ny mahamarina ny fomba fanaovan'izy ireo ny woulwou dia ilay hadith izay voaray avy tamin'Ibnou Abbas izay hita ao amin'ily boky “tafsir Ibnou Kathir”, تَفْسِيرُ ابْنِ كَثِيرٍ, p.26, miteny manao hoe:



"الْوُضُوءُ غُسْلَتَانِ وَ مَسْحَتَانِ"

**Dikany :** “Ny woulwou dia fanasana roa sy fisafoana roa”

Ary anisan’ny manamarina ny fomba fanaovan’ireo shian ny woulwou dia ny fahitana ny tohin’ily andinin’ny woulwou izay manambara ihany koa ny fomba fanaovana tayammoum rehefa tsy afaka mampiasa rano ny olona, toy izao voalaza izao:

"فَامْسَحُوا بِوُجُوهِكُمْ وَ أَيْدِيكُمْ مِنْهُ"

**Dikany:** “Safoinareo avy amin’ny tany ny tarehinareo sy ny tananareo”.

Raha fakafakaintsika kely io andininy izay mibaiko amin’ny fanaovana tayammoum io ary ampitahaintsika amin’ily andinin’ny woulwou dia hita fa i Allah Ta’anla dia mibaiko ny fanaovana tayammoum amin’ireo rantsam-batana izay sasana amin’ny fotoan’ny fisian’ny rano, eo ampanaovana woulwou, fa tsy amin’izay ratsam-batana safoina. Koa noho izany raha mahay mandinika isika dia mahita fa marina ilay hadith nolazain’Ibnou Abass teo aloha izay manambara fa ny wadjib amin’ny woulwou dia fisafoana roa sy fisafoana roa, izany hoe ny fanasana ny tarehy sy ny tanaana ary ny fisafoana ny loha sy ny tongotra. Io hadith io dia hita fa mifameno tokoa amin’ily andinin’ny tayammoum izay manambara fa ny tayammoum dia tanterahina amin’ny alalan’ny fisafoana ny tarehy sy ny tanaana ihany. Ary izany dia porofo lehibe manamafy ny fahamarinan’ny woulwou ataon’ireo mpanaraka ny madhehab Ahloul-bait (a.s).

الْجَمْعُ بَيْنَ الصَّلَاتَيْنِ

### Ny fanakambanana ny swalàt

Moa ve azo atao ny manakambana ny swalàt roa? Izany no fanontaniana matetika miverimberina amin’ny olona maro, indrindra fa ny tanora izay mitady ny fahamarinana mba hahafahan’izy ireo hanohitra ny fahaverezana sy ny fisalasalana izay tian’ireo mpanakorontana sy mpametrika hasarotana ao amin’ny finoana islam, finoana izay tsy nohasarotin’i Allah araka ny teniny manao hoe:

"وَمَا جَعَلَ عَلَيْكُمْ فِي الدِّينِ مِنْ حَرَجٍ"

**Dikany :** “Tsy nohasarotiny ho anareo ao amin’ily finoana”.

Matetika ireo mpitady fahalalana sy mpikaroka ny marina dia manontany manao hoe: moa ve azo akambana ny swalàtoudh-dhouhr sy al-answr, ary al-magh’rib sy al-inchè?

Ny valin’izany dia toy izao:

Mifanaraka ireo madhehab anankitelo dia ny Maliki sy ny Chafien ary ny Hambali, fa azo atao ny manakambana ny swalat roa rehefa amin'ny fanaovana dia lavitra; fa kosa izy ireo dia tsy mitovy hevitra ny amin'ny mahamety izany amin'ireo antony maromaro samihafa toy ny fatahorana, ny aretina, ny orana...sns. Fa ny madhehab al-hanafiyah dia tsy miombon-kevitra amin'ny fahazoana manakambana swalat roa raha tsy amin'ny fivoriana any amin'ny Anrafah.

Ireo "shian imamyah" kosa dia mahita fa azo atao ny manakambana ny swalat amin'ny fotoana rehetra, na ao anatin'ny dia lavitra izany na tsia, na misy orana na tsia.

Tsara ho marihina fa ny mikasika an'io lalana io dia sahala amin'ireo lalana rehetra izay ampiharin'izy ireo ihany, dia miankina hatrany amin'ny Qour'an na amin'ny sounnah izay voamarina fa avy amin'ny Mpaminany (s.a.w); ary koa miankina amin'ny porofo ara-tsaina. Izany fanazavana izany dia midika fa ireo shianh, amin'ny lalana rehetra izay arahiny dia miankina mandrakariva amin'ny porofo ara-dalana fa tsy manaonao foana; koa izany indrindra no antony nanomezana anarana azy ireo hoe "Izahay dia zanaky ny porofo".

Misy karazana roa ny porofo ahafahana manakambana ireo swalat dia ny porofo avy amin'ny Qour'an sy ny porofo avy amin'ireo hadith:

#### **A-Ny porofo avy amin'ny Qour'an:**

Ao anatin'ny boky masina dia ahitana ireo andininy izay manambara ny fotoana hantanterahana ny swalat, koa andeha isika hiresaka sy hanazava tsotsotra ny sasantsasany amin'izy ireo.

Ny andininy voalohany dia ilay tenin'i Allah milaza manao hoe:

"أَقِمِ الصَّلَاةَ لِذُلُوكِ الشَّمْسِ إِلَى غَسَقِ اللَّيْلِ وَ قُرْآنَ الْفَجْرِ إِنَّ قُرْآنَ الْفَجْرِ كَانَ مَشْهُودًا"<sup>1</sup>.

**Dikany** : "Atsangano ny swalat amin'ny fitongilanan'ny masoandro ka hatramin'ny haizin'ny alina, ary ataovy koa ny famakiana ny Qour'an amin'ny vao mangirandratsy, marina tokoa fa ny Qour'an amin'ny vao mangirandratsy dia misy mpanara-maso."

Allah Ta'ala ao amin'io andininy io dia nibaiko ny Mpaminaniny (s.a.w) mba hanangana ny swalat, ary ny swalat izay tiany hambara eto hoy ireo manam-pahaizana dia ireo swalat fanao andavan'andro, izany hoe : ny swalatoudh-dhouhr, al-answr, al-maghrib, al-inchae ary as-soubh. Ary mbola nanazava ny fotoana fanaovana azy ireo ny Tompontsika Allah ka nametraka fa, fotoana telo ihany no fanatanterahana an'ireo swalat ireo na dia misy dimy aza izy ireo. Izany fotoana izany dia toy izao manaraka izao:

---

<sup>1</sup>سورة الإسراء، الآية: 78

1-Ny fotoana voalohany dia ilay voafaritry ny teny manao hoe: «لِدُلُوكِ الشَّمْسِ» izay midika ny fitongilanan'ny masoandro miala kely amin'ny mitatao vovonana. Io fotoana io dia fotoana natokana ho an'ny swalàtoudh-dhouhr sy al-answr ka hatramin'ny fahatongavan'ny fotoan'ny swalàtoul-maghrib, fa ny swalàtoudh-dhouhr no tsy maintsy atao mialohan'ny swalàtoul-answr.

2-Ny fotoana faharoa dia ilay voafaritry ny teny manao hoe: «إِلَى غَسَقِ اللَّيْلِ». Io teny io dia manambara ny fotoana farany amin'ny fanaovana swalàtoul-maghrib sy al-inchè satria ny teny hoe غَسَقِ, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana maro dia midika hoe: fikambanan'ny haizina eo afovoan'ny alina, izay manondro ny misasak'alina. Koa raha izany no izy: ny fotoana ho an'ny swalàtoul-maghrib sy al-inchè dia miafara amin'ny misasak'alina. Noho izany mandritra io fe-potoana io dia azo ampiarahina ny swalàt anankiroa, dia ny swalàtoul-maghrib sy ny al-inchè, fa ny swalàtoul-maghrib no tsy maintsy atao mialohan'ny swalàtoul-inchè.

Nilaza i Al-fakhrour-Ràzy, ilay manam-pahaizana sounnah mikasika ny famakafakana an'io andininy io manao hoe: “raha ohatra isika mandika ny teny غَسَقِ amin'ny dikany hoe: fahatongavan'ny voalohan'ny haizina, izany hoe: amin'ilay fidiran'ny maghrib, dia midika izany fa rehefa ny masoandro manomboka miala amin'ny mitatao vovonana, dia efa tafiditra avy hatrany ny fotoana ho an'ny swalàtoudh-dhouhr sy ny al-answr ka lasa mikambana ny fotoan'izy roa ary mitovy amin'izany koa ny al-maghrib sy ny al-inchè, ka mikambana ihany koa ny fotoana ho an'ireo swalàt roa ireo. Koa raha fintinina izany resaka izany dia azo atao ny manakambana ireo swalàt ireo isaky ny fotoany.

3-Ny fotoana fahatelo dia ilay voafaritry ny teny manao hoe: «وَقُرْآنَ الْفَجْرِ», izay ambaran'ireo manam-pahaizana fa io teny io dia manondro ny fotoana ho an'ny swalàtous-soubh.

Ary amin'ny faran'ilay andininy, i Allah dia miteny manao hoe:

"إِنَّ قُرْآنَ الْفَجْرِ كَانَ مَشْهُودًا".

Niteny ireo manam-pahaizana sasany fa ny tiana hambara amin'io teny io dia hoe: “marina tokoa fa ireo anjelin'ny andro sy ny alina dia midina ety an-tany manara-maso sy mijery ny olona izay manatanteraka ny swalàtous-soubh”.

Ny andininy faharoa dia ilay tenin'i Allah milaza manao hoe:

"وَأَقِمِ الصَّلَاةَ طَرَفِي النَّهَارِ وَزُلْفًا مِنَ اللَّيْلِ إِنَّ الْحَسَنَاتِ يُذْهِبُنَ السَّيِّئَاتِ ذَلِكَ ذِكْرَى لِلذَّاكِرِينَ"<sup>1</sup>.

**Dikany:** “Ary atsangano ny swalàt amin'ireo tendro anakiroan'ny andro, sy ny ampahapotoana amin'ny alina. Marina dia marina fa ny hatsarana dia manafonana ny haratsiana, izany dia fampahatsiahivana ho an'ireo mahatsiaro.”

<sup>1</sup>سورة الهود، الآية: 114.

Milaza ireo manam-pahaizana mpamakafaka ny Qour'an fa ny fivavahana swalât izay nodidina hatao ao amin'io andininy io, dia ireo swalât dimy fanao andavan'andro. Ary izany andininy izany, dia hita mazava fa tsy manondro afa-tsy fotoana telo ihany ho fanatanterahana an'ireo swalât ireo.

Ny fotoana voalohany sy faharoa dia voafaritra amin'ily teny manao hoe: “طَرَفِي النَّهَارِ” izay midika hoe tendro anankiroan'ny andro, ka ny tendro voalohany dia ny voalohan'ny andro, izay manondro ny fotoan'ny “swalâtous-soubh”, ary ny tendro faharoan'ny andro dia manomboka rehefa miala eo amin'ny mitatao vovonana ny masoandro, ary izany no fotoana natokana ho an'ny swalâtoudh-dhouhr sy ny al-answr, ka miafara any amin'ny filentehan'ny masoandro.

Ny fotoana fahatelo dia ilay voafaritry ny teny manao hoe: “وَرُفَاً مِنَ اللَّيْلِ”, fotoana iarahan'ny swalâtoul-magh'rib sy al-inchâe, izay manomboka amin'ny filentehan'ny masoandro ka hatramin'ny misasak'alina. Fa ny salâtoul-magh'rib no tsy maintsy mialohan'ny swalâtoul-inchâe.

Ny andininy fahatelo, dia ilay tenin'i Allah milaza manao hoe:

“فَاصْبِرْ عَلَىٰ مَا يَقُولُونَ وَ سَبِّحْ بِحَمْدِ رَبِّكَ قَبْلَ طُلُوعِ الشَّمْسِ وَ قَبْلَ الْغُرُوبِ وَ مِنَ اللَّيْلِ فَسَبِّحْهُ وَ أَدْبَارَ السُّجُودِ”<sup>1</sup>.

**Dikany:** “Koa miareta ianao amin' izay lazain'izy ireo, ary mihobia amin'ny fiderana ny Tomponao, alohan'ny fiposahan'ny masoandro sy mialohan'ny filentehany, ary koa miderà Azy, amin'ny ampahan'ny alina sy aorian'ny fiankohofana”.

Milaza ireo manam-pahaizana fa ny “tasbîh” na ny fideana izay nodidian'i Allah hataon'ny Mpaminaniny ao amin'io andininy io dia ireo fivavahana swalât dimy fanao andavan'andro, ary i Allah dia niantso ny swalât ho toy ny tasbîh amin'ny mahafiderana an'i Allah azy io araka ny voalazan'ny hadîth maro voaray avy tamin'ny Mpaminany (s.a.w).

Rehefa mandinika lalina ihany koa isika amin'io andininy io dia hita fa fotoana telo ihany no voafaritra mba hanatanterahana ny swalât:

Ny fotoana voalohany dia ny قَبْلَ طُلُوعِ الشَّمْسِ, io no fotoana natokana ho an'ny “swalâtous-soubh”, izay manomboka amin'ny mangirandratsy ka hatramin'ny fiposahan'ny masoandro.

Ny fotoana faharoa dia ny وَ قَبْلَ الْغُرُوبِ, io no fotoana natokana ho an'ny “swalâtoudh-dhouhr sy ny al-answr”.

---

<sup>1</sup>سورة ق : 39 - 40.

Ny fotoana fahatelo **وَمِنَ اللَّيْلِ فَسَبِّحْهُ**, izany dia fotoana ho an'ny swalàtoul-maghrib sy ny al-inchàe, ary raha adika amin'ny teny malalaka dia hoe: “mivavaha ianao amin'ny ampahan'ny alina”.

Fa ilay tenin'i Allah hoe: **“وَأَذْبَارَ السُّجُودِ”** kosa dia midika hoe: “mivavaha ianao amin'i Allah aorian'ilay “soudjoud wadjib” na ny fiankohofana izay tsy maintsy atao. Koa ny tiany hambara eto dia ny swalàt moustahab izay atao aorian'ny swalàtoul-maghrib na aorian'ny inchae na koa ny “swalàtoul-laïl” na “swalàtout-tahadjoud” amin'ny fiantsoan'ny manam-pahaizana sasany, arakaraka ny fahasamihafana hitan'ireo manam-pahaizana mikasika an'io swalàt moustahab io.

Angamba hatreto dia efa mazava amintsika amin'ny alalan'ireo andininy vitsivitsy ireo, fa ny fotoana izay nolazain'i Allah mikasika ny fanatanterahana ireo swalàt dimy fanao andavan'andro ireo dia tsy misy afa-tsy fotoana telo ihany. Noho izany, dia azon'ilay mpivavaka atao ny manakambana avy hatrany ny swalàt anankiroa na manasaraka azy ireo, arakaraka ny safidiny, sahala amin'ny voalazan' ilay manam-pahaizana sounnah, Al-fakhrour-Ràzī, ao amin'ny boky tafsīr malaza nosoratany izay antsoina hoe: **التَّفْسِيرُ الْكَبِيرُ** “at-tafsīroul-kabīr”.

## **B- Ny porofo avy amin'ireo hadith:**

Raha jerena ireo hadith dia nisy maromaro tokoa no voaray tamin'ny Mpaminany (s.a.w) izay nanambara mazava fa azon'ny mpivavaka atao ny manakambana ny swalàt anankiroa. Misy hadith aza mampiseho fa ny Mpaminany (s.a.w) mihitsy no voalohany nanakambana ny swalàt tamin'ny fotoana sasantsasany teo amin'ny fahavelomany, kanefa dia tsy nisy ady tamin'izany, na orana, na koa nanao dia lavitra. Rehefa nisy mpanara-diany no nanontany Azy nanao hoe: “Inona no antony nanakambananao ny swalàt androany? Dia namaly Izy hoe: “Tiako mba halalaka ireo vahoakako, ary tsy mila manahirana azy ireo Aho”.

Voaray avy tamin'Ibn Anbass izay nilaza nanao hoe:

**“صَلَّى رَسُولُ اللَّهِ (ص) الظُّهْرَ وَالْعَصْرَ الْمَدِينَةَ فِي غَيْرِ خَوْفٍ، وَ لَا سَفَرٍ فَقِيلَ لَهُ: لِمَ فَعَلَ ذَلِكَ؟ قَالَ أَرَادَ أَنْ لَا يُحْرَجَ أَحَدًا مِنْ أُمَّتِهِ”<sup>1</sup>.**

Dikany: “Nivavaka ny swalàtoudh-dhouhr sy ny al-answr tao Madina ilay Irak'i Allah tamin'ny fotoana tsy nisy zavatra nampatahotra no sady tsy nisy dia lavitra nataony, ka nisy nanontany Azy amin'ny antony nanaovany (s.a.w) izany. Namaly izy nanao hoe: tiany ny mba tsy hampanahirana na iza na iza amin'ireo vahoakany”.

**وَرُوِيَ عَنِ ابْنِ عَبَّاسٍ أَيْضاً أَنَّهُ قَالَ: “صَلَّى النَّبِيُّ (ص) بِالْمَدِينَةِ سَبْعًا وَ ثَمَانِيًا (الظُّهْرَ وَ الْعَصْرَ وَ الْمَغْرِبَ وَ الْعِشَاءَ)”<sup>2</sup>**

<sup>1</sup> صحيح مسلم باب جمع بين صلاتين.

<sup>2</sup> صحيح بخار تاخير الظهر الى العصر في كتاب موقيت الصلاة

Dikany: “Voaray ihany koa tamin’ny zanak’i Anbass fa ny Mpaminany (s.a.w) dia nanao swalàt tao Madina ka nivavaka fito sy valo (dia ny swalàtoudh-dhouhr sy ny al-answr ary ny swalàtoul-maghrib sy ny al-inchè)”.

## الزَّوَّاجُ الْمُنْقَطِعُ أَوْ الْمُتَعَةُ

### Ny fanambadiana voafetra na ny mout’anh

Ny “mout’anh” dia karazana fanambadiana izay misy fetra, adika amin’ny fiteny vahiny hoe: “mariage temporaire”. Amin’ireo mpanaraka ny madhehab shianh dia tsy misy olana mihitsy ny maha-halàl izany hatrizay ka hatramin’ny farany, ary toy izany ihany koa ny madhehab hafa, izay mahita fa tsy misy olana ny fototry ny maha-halàl azy nandritra ny vanim-potoan’ny Mpaminany (s.a.w). Noho izany dia afaka miteny isika manao hoe: ny manam-pahaizana rehetra dia miombon-kevitra fa ny mout’anh dia anisan’ny “houkm” na lalàna izay nomen’i Allah alalana ny fanaovana azy ka nanao izany avokoa ny silamo tamin’ny vanim-potoan’ny Mpaminany (s.a.w) ary tsy misy fisalasalana ny amin’izany, indrindra moa raha ny Qour’an no manaporofa izany. Ireo swahab lehibe dia nampihatra izany “houkm” izany tamin’ny fotoana nahateo ny Mpaminany (s.a.w) sy nandritra ny fitondran’i Abou Bakr sy nandritra ny fotoana sasany nitondran’i Oumar hatramin’ny nahitany ny fomba fijeriny manokana ka nandrarany izany araka ilay teniny malaza nanao hoe:

“مُنْعَتَانِ كَانَتَا عَلَى عَهْدِ رَسُولِ اللَّهِ وَأَنَا أَنْهَى عَنْهُمَا وَأَعَاقِبُ عَلَيْهِمَا”.

**Dikany :** “Mout’anh anankiroa no nisy tamin’ny vanim-potoan’ily Irak’i Allah (s.a.w), fa izaho kosa dia mandrara azy ireo no sady manome sazy izay manao izany”.

Ireo mout’anh anankiroa tiany holazaina eto dia ny مُتَعَةُ النِّسَاءِ وَ مُتَعَةُ الْحَجِّ “ny mout’anh-n’ny hadj sy ny mout’anh-n’ny nissà’i” .

Ny “mout’antoul-hadj” dia ny fahafinaretana atao amin’ny vady, rehefa vitan’ily mpanao hadj ny عُمْرَةُ التَّمَتُّعِ “oumrattout-tamatt’oun” raha toa ka niaraka nanao hadj izy mivady, aorian’ny fanesorana ny lamban’ny ihràm, alohan’ny hadj.

Fa ny “mout’antoun-nissà’i” kosa dia ilay fanambadiana manam-petra izay fanao amin’ny tanàna.

Ireo karazana mout’anh anankiroa ireo dia halàl ary nampiharina tamin’ny vanim-potoanan’ny Mpaminany (s.a.w); eny fa na dia tamin’ny vanim-potoana nitondran’ily khalifa voalohany aza. Fa rehefa tonga teo amin’ny fitondrana ny khalifa faharoa, i Oumar dia nandrara an’izany izy nohon’ny fomba fahitany manonkana. Kanefa ny andinin’ny Qour’an izay manambara an’izany lalàna izany dia manankery ary hanankery hatrany hatramin’ny andro farany. Hoy indrindra i Allah ao amin’ny bokiny masina manao hoe:

"فَمَا اسْتَمْتَعْتُمْ بِهِ مِنْهُنَّ فَآتُوهُنَّ أُجُورَهُنَّ فَرِيضَةً"<sup>1</sup>.

**Dikany:** “Koa rehefa avy nahavita fahafinaretan’ny nofo tamin’izy ireny ianareo dia atolory azy ireo ny vodiondriny fa voadidy izany”. Sourat Al-nissà, andininy faha 24.

Ireo mpamakafaka ny Qur’an dia milaza fa io andininy io dia miresaka ny mout’anh; fa ny fanontaniana mipetraka dia izao: moa ve ny lalàna mikasika ny mout’anh dia mbola manankery hatrany sa tsia?

Tsara ny mampahatsiahy fa misy amin’ireo manam-pahaizana sounnah no milaza fa io andinin’ny fanambadiana mout’anh io dia efa tsy manankery intsony, satria efa voafafa ny “houkm” na ny lalàna mikasika an’izany, ary anisan’ny porofon’izy ireo amin’izany dia ny hadith nolazain’izy ireo fa avy amin’ny Imàm Ali (a.s) manao hoe:

"إِنَّ رَسُولَ اللَّهِ (ص) نَهَى عَنِ مُتْعَةِ النِّسَاءِ يَوْمَ خَيْبَرَ."

**Dikany:** “Marina tokoa fa ilay Irak’i Allah (s.a.w) dia nandrara ny mout’antoun-nissà’i tamin’ny adin’ny khaïbar”<sup>2</sup>.

Ny mahagaga anefa dia efa voaray ao amin’ny bokin’izy ireo ny hadith hafa milaza fa ny Imàm Ali (a.s) dia niteny nanao hoe:

"أَوْ لَا أَنْ عُمَرَ نَهَى عَنِ الْمُتْعَةِ لَمَّا زَنَى إِلَّا شَقِيًّا"<sup>3</sup>.

**Dikany :** “Raha tsy noraran’i Oumar ny fanambadiana mout’anh dia tsy nisy nijangajanga afa-tsy olona tsivalahara”.

Mazava ho azy ny fifanoherana izay hita eo amin’ireo teny anankiroa ireo, izay samy voalaza ao anatin’ny bokin’izy ireo.

Misy ihany koa no mahita fa ny andinin’ny fanambadiana mout’anh dia efa voafafa ny houkm mikasika azy. Anisan’ny porofo entin’izy ireo amin’izany dia ny filazana fa efa voafafa izany andininy izany amin’ny alalan’ny اية الطلاق sy اية العدة izany hoe ny andinin’ny fisaraham-panambadiana sy ny andinin’ny fotoana fiandrasana efa voafetra, izay voalaza ao anatin’ny “souratout-twalàq ” manao hoe:

"يَا أَيُّهَا النَّبِيُّ إِذَا طَلَّقْتُمُ النِّسَاءَ فَطَلِّقُوهُنَّ لِعَدَّتِهِنَّ..."

**Dikany :** “Ry Mpaminany, rehefa omenareo twalàq ireo vehivavy, dia omeo twalàq izy ireo miaraka amin’ny fotoana fiandrasana efa voafetra ...”.

<sup>1</sup>سورة النِّسَاءِ، الآية:

<sup>2</sup> Ny adin’ny Khaïbar dia tamin’ny taona fahavalon’ny hidjr.

<sup>3</sup>التفسير الكبيرج5/ص13

Inona no atao hoe عِدَّةَ “inddah”?

Ny atao hoe “inddah” dia ny fotoana izay voafaritry ny finoana islam hiandrasan’ny vehivavy izay maty vady na nisara-bady, ka rehefa tapitra izany fotoana izany vao afaka manambady hafa ny vehivavy. Fa izay mila ny fanazavana antsipiriany dia afaka miverina amin’ireo boky fiqh izay miresaka momba izany.

Koa eto ilay mpitsikera dia mihevitra fa ny fisaraham-panambadiana amin’ny finoana islam dia tsy maintsy tanterahina amin’ny alalan’ny twalàq sy inddah, ka noho izany dia mahita izy fa io andininy io dia mamafa ilay andinin’ny mout’anh, nohon’ny tsy fisian’ny twalàq sy inddah amin’izany fanambadiana izany araka ny fiheverany.

Ny valiny:

Tiana ny mampahatsiahy mialoha fa ny fiheveran’izany olona izany dia fomba fiheverana diso tanteraka satria ny fanambadiana mout’anh dia misy “inddah” rehefa tapitra ny fotoana. Eny! Misy ny fahasamihafana eo amin’ny inddah-n’ny mout’anh sy ny inddah-n’ny fanambadiana lehibe. Ny inddah-n’ny fanambadiana mout’anh dia antsasan’ny inddah amin’ny fanambadiana lehibe, izany hoe: dimy amby efa-polo andro.

Fa raha ny mikasika ny twalàq indray no resahina, dia tsara ny mahafantatra fa tsy ny twalàq ihany akory no antony mahatonga ny fisarahan’ny mpivady amin’ny lalàna islam, fa indraindray ny fanambadiana dia mety rava ara-pinoana tsy ilàna twalàq arak’ireo antony samihafa. Koa rehefa mitranga ny iray amin’ireo antony ireo, tonga dia simba ny fanambadiana ary tsy ilaina ny twalàq, ohatra amin’izany rehefa lasa kafir ny lehilahy...sns. Miverena amin’ireo boky lehibe raha te hahalala bebe kokoa mikasika izany.

### **Ireo fepetra takiana amin’ny fanambadiana mout’anh**

Voalohany: takiana amin’ny fanambadiana “mout’anh” ny fanononana ny vodiondry sy ny famaritana ny fotoana izay tsy tokony hihoatra amin’ny mahazatra, arakarak’izay fahaveloman’ny olona.

#### **Fanamarihana:**

Raha tsy voatonona ilay fe-potoana amin’ny famatoram-panambadianan’ny mout’anh, dia lasa mivadika avy hatrany ho fanambadiana izay tsy manam-petra izany, fa raha ny vodiondry kosa no tsy voatonona, dia simba ny fanambadiana, araka ny fahitan’ireo manam-pahaizana sasany. Fa amin’ny fanambadiana tsy manam-petra kosa, ny tsy fanononana ny vodiondry izay antsoina hoe مَهْر “mahr” dia tsy manimba velively ilay fanambadiana.

Faharoa: haràm ny fanambadiana “mout’anh” amin’ny vehivavy tsy manam-pinoana, izany hoe: ny vehivavy tsy mpino sy tsy nanaraka an’ireo boky masina teo aloha.



Fahatelo: tsy azon'ny lehilahy atao ny manova ny fanambadiana “mout’anh” ho lasa fanambadiana tsy manam-petra, na manova azy ho mout’anh hafa raha mbola tsy tapitra ny fotoan’ny “mout’anh” voalohany raha tsy hoe angaha efa natao fanomezana ho an’ily vehivavy ny fotoana sisa.

### Ny fomba fanaovana fanambadiana mout’anh

Raha ny mpivady no te-hifanambady tsy mila solontena, aorian’ny fahavitan’ny fifanarahan’izy ireo tamin’ily vodiondry sy ilay fe-potoan’ny fanambadiana, dia miteny amin’ny lehilahy ilay vehivavy manao hoe:

”زَوَّجْتُكَ نَفْسِي عَلَى الصَّدَاقِ الْمَعْلُومِ فِي الْمُدَّةِ الْمَعْلُومَةِ”

**Dikany:** “Izaho dia nampanambady anao ny tenako tamin’ily vodiondry sy fe-potoana izay nifanarahana”.

Avy eo dia mamaly avy hatrany ilay lehilahy manao hoe:

”قَبِلْتُ التَّزْوِيجَ”

**Dikany:** “Nekeko ilay fanambadiana”.

Rehefa samy avy niteny ohatr’izany ireo mpivady, dia ara-dalàna avy hatrany ny famatoram-panambadian’izy ireo.

Fa raha samy maka solontena kosa izy roa, ohatra ny lehilahy dia i Ahmad no anarany, ary ny vehivavy dia i Fàtwimah; ka aorian’ny fifanarahan’izy roa amin’ny vodiondry sy ny fe-potoana, dia miteny voalohany ny solontenan’i Fàtwimah manoloana ny solontenan’i Ahmad manao hoe:

”زَوَّجْتُ مُوَكَّلَتِي فَاطِمَةَ مُوَكَّلَكَ أَحْمَدَ عَلَى الْمَهْرِ الْمَعْلُومِ فِي الْمُدَّةِ الْمَعْلُومَةِ”

**Dikany:** “Izaho dia nampanambady an’i Fàtwimah, ilay olona soloako tena, amin’i Ahmad, ilay olona soloanao tena, amin’ily vodiondry sy ilay fotoana izay efa nifanarahana”.

Avy eo dia mamaly avy hatrany ny solontenan’i Ahmad manao hoe:

”قَبِلْتُ التَّزْوِيجَ لِمُوكَلِّي أَحْمَدَ عَلَى الْمَهْرِ الْمَعْلُومِ فِي الْمُدَّةِ الْمَعْلُومَةِ”

**Dikany:** “Nekeko ny fanambadiana ho an’i Ahmad, ilay nisoloako tena, amin’ily vodiondry sy ilay fotoana izay efa nifanarahana”.

Rehefa samy avy niteny toy izany ireo mpisolontenan’ireo mpivady, dia tanteraka ara-dalàna avy hatrany ny famatoram-panambadiana.

## الْبِدْعَةُ Al-bid'anh

Ilay teny hoe “bid’anh” dia manana ny famaritana azy ara-bakiteny ao amin’ny diksionera no sady manana ny famaritana azy ihany koa eo amin’ny ara-pinoana.

Ao amin’ny diksionera, ny “bid’anh” dia midika ho famoronan-javatra izay tsy nisy teo aloha.

Fa amin’ny ara-pinoana kosa dia midika fampidirana zava-baovao ao amin’ny finoana izay tsy mba anisany.

Ireo manam-pahaizana dia efa nanazava tamin’ny antsipiriany mikasika ny maha-haràm ny famoronana lalàna, izany hoe ny fanaovana bid’anh بِدْعَةٌ ao amin’ny finoan’i Allah.

Tsara ho marihina fa ao amin’ny lalànan’i Allah dia tsy mety ny fanaovan’ny olona “idjtihàd” manokana na “taqlid” raha ohatra ka mifanohitra amin’ily "النص", izany hoe ilay lalànan’i Allah izay efa mazava. Ary anisan’ny porofo entin’ireo manam-pahaizana amin’izany, dia ilay tenin’i Allah manao hoe:

"يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لَا تَقَدَّمُوا بَيْنَ يَدَيِ اللَّهِ وَرَسُولِهِ وَاتَّقُوا اللَّهَ". سورة الحجرات، الآية: 1.

**Dikany:** “Ry ianareo mpino! Aza mialoha ny lalàn’i Allah sy ny Irazy ianareo. Ary aoka ianareo hatahotra an’i Allah”.

Tiana ny mampahatsiahy fa tsy ny fialohavana ny lalàn’i Allah fotsiny no atao hoe “bid’anh”, fa na dia mikasika ny famoronana na fanaovana “bid’anh” amin’ny ankapobeny aza, izay mandrakotra mikasika ny forona rehetra amin’ny fampandaingana an’i Allah sy ilay Irazy, ka aparitaka izany amin’ny anaran’ny finoana. Ny porofon’izany, ankoatr’ireo efa voalaza tany aloha, dia ilay tenin’i Allah manao hoe:

"قُلْ اللَّهُ أَذِنَ لَكُمْ أَمْ عَلَى اللَّهِ تَفْتَرُونَ". سورة يونس، الآية: 59.

**Dikany:** “Lazao hoe, moa i Allah va no nanome alalana anareo, sa kosa namoron-dainga tamin’i Allah ianareo”.

Io andininy io no manambara fa ny zava-drehetra lazaina fa avy amin’i Allah, kanefa tsy marina dia forona sy haràm. Koa noho izany, ny olona mampiditra ao anatin’ny finoana ny zavatra tsy anisany, dia toy ny mampandainga an’i Allah, ary izay mampandainga Azy, dia heverin’ny Qour’an ho anisan’ireo olon-dratsy sy mpanageja. Hoy indrindra i Allah manao hoe:

" وَمَنْ أَظْلَمُ مِمَّنْ افْتَرَى عَلَى اللَّهِ كَذِبًا أَوْ كَذَّبَ بِآيَاتِهِ إِنَّهُ لَا يُفْلِحُ الظَّالِمُونَ ".

“Iza no mpanao ny tsy rariny indrindra mihoatra an’izay miampanga lainga an’i Allah, na izay milaza fa lainga ireo porofo famantarana, hamafisina fa tsy ho tafita velively ireo mpanao ny tsy rariny”<sup>1</sup>.

### **Moa ve anisan’ny “bid’anh” ny fankalazana ny fahaterahana sy ny fahafatesan’ny Mpaminany (s.a.w) sy ireo havany masina (a.s)?**

Ny olana misy amin’ireo izay miteny fa ny ankamaroan’ny silamo dia manao “shirk” -nohon’ny tsy fanarahana ny hevitr’izy ireo amin’ny ara-pinoana-, dia avy amin’ny tsy fahafehezan’izy ireo mamaritra tsara ny atao hoe shirk "شِرْك" na fanompoan-tsampy sy ny atao hoe inbàdah "عِبَادَةٌ" na fanompoana.

Ny mahatonga azy ireo mitsikera ny silamo hafa izay mankalaza ny fahaterahan’ny Mpaminany (s.a.w) sy ireo havany masina (a.s) ho mpanao shirk, dia nohon’ny tsy fahaizan’izy ireo manavaka ny atao hoe shirk sy ny inbàdah, ka ‘ndeha àry hazavaintsika eto ny mahasamy hafa an’ireo teny anankiroa ireo.

Ny atao hoe “inbàdah” dia fanambanian-tena amin’ny alalan’ny teny na fihetsika eo anatrehan’izay inoana fa izany dia Andriamanitra mahaleo tena. Noho izany, dia mazava ho azy fa ny fanambanian-tena eo anatrehan’ny zavatra, izay tsy misy mihitsy ny fiheverana azy ho Andriamanitra dia tsy midika ho fanompoana velively, fa kosa midika ho fankalazana sy fanajana azy fotsiny izany.

Koa ny fanotiana mipetraka dia izao: “moa ve ny fankalazana ny nahaterahan’ny Mpaminany (s.a.w) sy ny fahatsiarovana ny fahafatesany dia marim-pototra eo amin’ny lafiny finoana sa tsia?

Raha jerena ny ao amin’ny Qour’an, dia ahitana andininy izay mankasitraka ny fankalazan’ny mpino ny Mpaminany (s.a.w). Ohatra amin’izany, dia ilay tenin’i Allah ao amin’ny souratoul-aenràf andininy faha-157 manao hoe:

" فَالَّذِينَ آمَنُوا بِهِ وَعَزَّرُوهُ وَنَصَرُوهُ وَاتَّبَعُوا النُّورَ الَّذِي أُنزِلَ مَعَهُ أُولَئِكَ هُمُ الْمُفْلِحُونَ "

“...Fa ireo olona izay nino ka nanohana sy nanavotra Azy, ary nanaraka ilay fahazavana nidina taminy, dia izy ireny no tafita”.

Hita mazava fa ny Qour’an masina dia mamporisika antsika mba tsy hanadino fa kosa hanohana sy hankalaza ny Mpaminany (s.a.w) ary tsy misy na iza na iza afaka miteny fa io andininy io dia voafaritra fotsiny ho an’ireo vahoaka izay niaina tamin’ny fahaveloman’ny Mpaminany, ka tsy mandrakotra ny daholobe. Arak’izany, dia tian’i Allah ilay Irany mba hajaina

<sup>1</sup> Souratoul-an-an’im, and.21.

sy hankalazaina mandrakizay. Koa rehefa mivory isika, mamaky ny barzandjy amin'ny volana "maoulida" izay andro nahaterahan'ny Mpaminany (s.a.w), na mivorivory mankalaza ny andro niakarany tany an-danitra sy miresadresaka ireo toetra tsara nananany, tahaka ny fahaizany sy ny fiaretany, ny fahamarinany sy ny fahamendrehany, ary ny voninahiny ... sns, amin'ireo toetra tsara tokony hataontsika modely; moa ve raha mivorivory noho izany isika dia tsy midika ve ho fanarahana ny tenin'i Allah, araka ny efa voalaza teo aloha?!

Tena marina fa izay mahay mandinika, dia mahita fa ny olona manatanteraka izany dia anisan'ny mpino noho izy namaly ilay antson'i Allah. Tadiodio tsara anefa fa i Allah dia tsy mijery ny endrika ivelany, fa mijery ny -niyah- fikasana izay misy ao anatin'ny fon'ny olona tsirairay. Izany no mifanaraka amin'ilay teny malaza avy amin'ny Mpaminany (s.a.w) manao hoe:

"إِنَّمَا الْأَعْمَالُ بِالنِّيَّاتِ"

“Marina tokoa fa ny asa atao dia miankina amin'ilay fikasana”.

Noho izany, ireo mahita fa ny fankalazana ny Mpaminany (s.a.w) dia shirk, mazava ho azy fa izy ireo dia diso hevitra, satria izy ireo dia miditra lalina loatra ka mila mitsara ny fikasana ao am-pon'ny olona, izay sarotra ny fahafantarana izany.

Eto àry dia hita fa ny tsy fahafantaran'ny silamo sasany ny atao hoe “shirk” sy ny “inbàdah” no mahatonga azy ireo manendrikendrika ny mpino hafa ho manompo sampy nohon'ny fankalazan'izy ireo ny Mpaminany (s.a.w) sy ireo sakaizan'i Allah ireo, kanefa ny Qur'an araka ny efa voalaza teo ambony dia mamporisika ny fanaovana izany. Eny, fa na dia ny saina koa aza dia mahita fa tena ilaina ny fankalazana ireo olona izay manam-boninahitra ireo.

و صَلَّى اللهُ عَلَى سَيِّدِنَا مُحَمَّدٍ وَآلِهِ الطَّاهِرِينَ

وَ أَخْرُ دَعْوَانَا أَنْ الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ

سَالِمٌ مَعْرُوفٌ  
٣ شعبان ١٤٤٠ هـ

## Fizahan-takelaka

Izahay dia zanaky ny porofo .....	2
Lesona voalohany .....	4
Al-hidayah .....	4
Lesona faharoa .....	8
Ny tso-drano ho an'i Mouhammad sy ireo Taranany masina (s.a.w).....	8
Lesona fahatelo .....	12
Ny fototra nipoiran'ny madhehab shianh .....	12
Lesona fahaefatra .....	21
Ireo zavatra sasany mampiavaka ny shianh sy ny sounnah.....	21
Ny fiankohofana ambonin'ny tany .....	21
Al-woulwou.....	23
Ny fanakambanana ny swalât.....	25
A-Ny porofo avy amin'ny Qour'an:.....	26
B- Ny porofo avy amin'ireo hadith: .....	29
Ny fanambadiana voafetra na ny mout'anh.....	30
Inona no atao hoe عِدَّة “inddah”?.....	32
Ireo fepetra takiana amin'ny fanambadiana mout'anh .....	32
Ny fomba fanaovana fanambadiana mout'anh.....	33
Al-bid'anh .....	34
Moa ve anisan'ny “bid'anh” ny fankalazana ny fahaterahana sy ny fahafatesan'ny Mpaminany (s.a.w) sy ireo havany masina (a.s)? .....	35

# نَحْنُ أَبْنَاءُ الدَّلِيلِ

## **IZAHAY DIA ZANAKY NY POROFO**



مدرسة دار الحكمة

Madrasah Dar al-Hikmah